AMPITATAFIKA 5

## LEHILAHY MPANAKALO VOLA NOKAPAINA FAMAKY SY NOLERANA ANTSY


# Gazetiko

www.gazetiko.mg

Laharana 7823 Taona faha-25 Vidiny : 500 Ariary Gazety mivoaka isan'andro Sabotsy 16 martsa 2024


MARINA IZANY ! 6

## ALOHALIKA NY RANOM-BARY !

Tsaroako ilay"... 2

HERI'MIA (CLAVISTE)

## MANAO BATERA BATERA TANY FENOARIVO ATSINANANA



ANTANANARIVO RENIVOHITRA - KARAMA TSY VOALOA 8

## NOBAHANAN'NY MPIASAN'NY SMA DABAMPAKO NY ARABE, OLONA 3 VOASAMBOTRA



AMBOHIDRATRIMO 4

## EFA-DAHY NIKASA HANAFIKA, 1 MATY VOATIFITRA, 3 TAFATSOAKA

FAMPIASANA FITAOVAM-PANJAKANA 6

## MIVERINA INDRAY NY FIHOARAM-PEFY

FILOHAN'NY HCC - FIFIDIANANA DEPIOTE 7

## "HANINTSANA IREO KANDIDÀ MAMPIASA FITAOVAM-PANJAKANA AVY HATRANY IZAHAY"

TARIKA RAMILISON BESIGARA ZANANY 3

## HIFANDONA AMIN-DRY RASOALALAO KAVIA ETSY MAHAMASINA, RAHAMPITSO







" Viavy Film Festival "

## Ho fantatra anio izay handrombaka ny amboara



Koloina Andriamanantsoa tompon'andraikitra voalohany ny " Viavy Film Festival ".

Mipetraka ho tantara tsy hay kosehina eo amin'ny tontolon'ny sarimihetsika malagasy ny fanokafana tamin'ny fomba ofisialy ny hetsika « Viavy Film Festival » omaly tetsy amin'ny Canal Olympia Iarivo. Hetsika izay natao hanomezana sehatra ny vehivavy malagasy mpamokatra sy mpanoratra ary mpanodina horon-tsarimihetsika ankoatra ny fampiroboroboana ny sarimihetsika eto amintsika. Omaly hariva nirosoana avy hatrany ny fifaninana izay nahitana mpandray anjara 12. Anio hariva kosa no hofantra izay ho mpandresin'ny fifaninana « Viavy Film Festival » andiany voalohany. Anisan'ny tafiditra ao anatin'ny hazakazaka ity ny horon-tsarimihetsika fohy novokarin'i Hasi Andrianimerina hoe « Avy eo ! » izay mitantara ny tovovavy iray atao hoe Kintana. « *Mpanao hosodoko izy ary nahazo kaomandy hanao sary hosodoko amin'ny tabilao iray. Nilaza io mpanao kaomandy io fa liana amin'ny asa tanana efa nataony ny mpampiranty sary iray any ivelany. 24 ora alohan'ny handefasany ny sanganasany anefa dia mbola tsy nahavita na inona inona izy. Tonga tao aminy i Johary sakaizany hanampy azy hitondra ilay tabilao ka rehefa nahafantatra ity farany fa mbola tsy nanomboka akory izy dia niaka-pofona ka raikitra teo ny fiafamaliana. Nanapa-kevitra ny hanomboka ny asany i Kintana rehefa lasa Johary. Niantso ny mpanao kaomandy izy mba hanazavany ny hosodoko izay nataony sy nialatsiny noho ny fahatarana* », hoy izy.

Fa ankoatra azy dia eo ihany koa ny sanganasan'i Avofanahy Andrianarinjato mitondra ny lohateny hoe « Diary », Sanganasan'i Rova Andriantsileferintsoa Rova hoe « Hidy », ny Sanganasan-dRanaivoarimanana Vatsisoa Fahombiazana Soniah hoe « It Starts within », « Les Bouteille sont à la mére » nototonsain-dRamarofahitra Ny Vatosoa Ida Judicia, sanganasan'i Robinson Roxane mitondra ny lohateny hoe « Marche », « Petite Melodia » an'i Andriarimanjaka Dina Nomena, « Porn raped me » an'i Jamina Canicave, « Soritra » an' i Mino Randrianarivelo, « Sous Silence » an'i Mazigna Barros, « Wanna Go Back » an'i Kuro Mi, « Why are we awake » an'i Nya Rafaly. Omaly hariva mialoha ny fanombohana ny fandefasana ireo horon-tsary hifaninana no nandefasana ilay filma hoe « Miaro vehivavy » izay novokarin'ny Fondation Akbaraly Madagasikara.

**Maimaimpoana**

Natao maimaimpoana fa tsy nasiana vidim-pidirana ny hetsika rehetra ao anatin'ity Viavy Film Festival izay atao etsy amin'ny Canal Olympia ity mba afahan'ny rehetra manatrika izany. Rehefa feno kosa anefa ny toerana dia mikatona ny efitrano. Ankoatra ny fifaninana filma fohy moa dia hita eny an-toerana ny fizarana traikefa sy ny fiofanana maro isan-karazany manodidinany sary mihetsika. Fa anisan'ny zava-dehibe ao anatin'ity hetsika ity ihany koa Nojerene manokana nandritra ny fanokafana ny hetsika omaly ihany koa ilay fanadihadiana hoe "Mitsangàna!" niarahana tamin'ny CANAL+ Madagascar sy ny Fireflies . Torian'izany dia nisy ny fihaonambe niaraka tamin'i Koloina Andriamanantsoa tompon'andraikitra voalohany ny « Viavy Film Festival » sy Felana Rajaonarivelo momba ny vehivavy eo amin'ny tontolon'ny sarimihetsika.

**Tiaray R**

Tsaroako ilay"...

Heri'Mia (claviste)

# Manao "batera batera" tany Fenoarivo atsinanana

*Razanamahefa Herimiaranirina, fantatry ny maro amin'ny hoe Heri'Mia. Anisan'ny mpitendry vatamaroafitsoka (clavier) kalaza eto amintsika. Niara-niasa tamin'ny artista maro, nanomboka teny amin'ny Lisea Andohalo (fony mbola mpianatra), nitohy tamin'i Bodo, Volatiana, Rah-ckiki, Koezy, Bilo, Lianah,Hazolahy, DahMama, Dat'kotry, Mamy Robinson, Rolf,...Efa manana studio izy izao. Izy no hitantara ny fahatsiarovany amintsika anio :*

**Manao « batera batera » tany Fenoarivo atsinanana**

Tany Fenoarivo Atsinanana no nahalehibe an-dry Heri'Mia. Niasa tany ny ray aman-dreniny tamin'izany, ka tany an-toerana no nandaniany ny fahazazany. Dimy mianadahy izy ireo no iray tampo, dia : Heri'Mia, Hanta , Hanitra , Haja , ary i Hoby. « *Batera batera tamin'izany ny kilalao tena tianay izany hoe mikapokapoka daba atao batterie sy manamboatra micro kilalao. Mbola any ny gitara fitendrinay tamin'izany. Ny tarika Rossy sy Sakelidalana no tena nankafizinay tamin' izany. Nampihomehy anay foana tamin'izany ka hatramin'izao ny fanomezanay tsirairay avy solon'anarana arakaraka ny tarika nalainay tahaka. I Hoby faralahy no nantsoinay hoe Noelikely tamin'izany*», hoy izy nitantara. Teo amin'ny faha-12 taonany no nitrangan'izany tantara izany.



**Mitsoaka mody rehefa lasa i Masera**

Mbola tany Fenoarivo atsinanana ihany no nitrangan' ity tantara iray ity. Tao amin'i Masera avokoa no nianatra izy 5 mianadahy tamin'izany. « *Tamin'ny taona 1989-1990 izahay no nianatra tao amin'i Masera. Izaho aloha dia tia fianarana sy nahay, saingy somary madiditra sy mafimafy loha izay taloha* », hoy izy. Matetika mihitsy no voasazy i Heri'Mia satria namaly an'i Masera. Voatery mijanona rehefa mirava ny mpianatra na miakatra amin' ny fotoana tsy fianarana manadio sekoly. Koa rehefa lasa mankany amin'ny birao masera, dia lasa izy mitsoaka mody.

**Vita sokitra ny fitsaboana an'i Mika kely**

Ny anabavin'i Heri'Mia no vadin'i Mika kely (bassiste) vao nindaosin'ny fahafatesana ny herinandro lasa teo. Zaodihiny izany i Mika kely, izay nahatonga azy tsy afabela tamin'ny fikarakarana azy hatramin'ny nikipian'ny masony. Ny hetsika rehetra notanterahana, izay mila ho isan'andro nandritra ny iray volana teo ho eo nitsaboana an'i Mikakely, dia i Heri'Mia avokoa no taoriany amin'ny ankapobeny. Nanao ny ainy tsy ho zavatra ny lehilahy hatramin'ny farany ka nahatonga azy nilaza hoe : « *tsy ho adinoko mandrakizay ny niainako ny fitsaboana an'i Mikakely. Izay sady namako be no lasa zaodahiko. Ny zavatra rehetra nitranga dia ohatran'ny hoe tantara efa nosoratany avokoa fa nanatanteraka sisa aho. Ary isaorako antsika rehetra nanaiky nandray anjara tamin'izany tantara izany.Mankasitraka antsika rehetra* », hoy izy.

**Nentanim-po ilay artista dia...**

« *Teo amin'ny zavakanto indray , ny zavatra tena tsy mety adinoko ny fihomehezana tamin'izany. Nanaraka an-dRah-ckiky izahay dia nentanim-po be izy dia noraisiny tany amin'ny octave ambony mihintsy ilay hira vao nilatsaka tampoka be izy. Tena tsy voatendriko intsony ny vatamaroafitsoka fa najanona. Lasa fihomehezana teo an-tsehatra. Tany Antalaha angamba izay zavatra izay* », hoy izy nitantara.

**Nangonin'i Fy**


DÉCENTRALISATION : LES NUAGES S'ACCUMULENT

POLIS
- Élections locales : des enjeux différents et des incertitudes
- Parole aux jeunes
- Retour sur la présidentielle : le difficile mariage entre nombres et légitimité
- Quelques chiffres marquants de la présidentielle
- Interview de Mihamina Rakotomandimby : « Pouvons-nous faire confiance au système qui a été mis en place ? »

GRAND DOSSIER : DÉCENTRALISATION
- Décentralisation, les mêmes causes, les mêmes effets
- Interview de Naina Andriantsitohaina : « Les chefs de région seront probablement élus »
- Développement : au crépuscule des villes
- Décentralisation : se recentrer sur les régions

ÉCONOMIE
- Ressources halieutiques, petits pêcheurs : dans la nasse de la crise climatique
- Secteur de la pêche, une nouvelle politique à instaurer
- Combattre la pauvreté par l'éducation : pourquoi les réformes scolaires sont-elles urgentes à Madagascar ?

SOCIÉTÉ
- Hiragasy, une véritable institution malgache
- Interview de Rojo Fenotina Ranaivoarison et Jean Bernard Mirado Nirinarisoa Mpihiragasy : « Plus d'opportunités à l'international et plus de visibilité pour le hiragasy »
- Sport, objectif médaille olympique : à la recherche d'une politique cohérente

ÉCOLOGIE
- Interview de Baomiavotse Vahinala Raharinirina : « Ne soyons pas complexés : nous pouvons conserver l'environnement et avoir de l'argent »
- Interview de Bruno Rajaspera : « Conservation de la biodiversité et croissance économique durable à Madagascar : le modèle de la FAPBM »




GCL 778/2-1

Écoutez les podcasts de Politikà sur les plateformes d'écoute ou sur vos stations radio préférées : RDJ, Alliance 92 Fm et RDB

DISPONIBLE AUPRÈS DE CES POINTS DE VENTE A PARTIR DU 20 MARS

Espace Loisirs, Antaninarenina | Jumbo Score Digue | Jumbo Score Ankorondrano | Jumbo Score Tanjombato
Leader Price Ankadimbahoaka | Leader Price Ankorondrano | Leader Price Andranomena | Leader Price Ambatobe | Leader Price Tamatave | Leader Price Anosizato | Leader Price Nosy Be | Lecture et Loisirs, Tana Water Front
Librairie Fakra, Tamatave | Librairie Fandrosoana, Tuléar | Librairie Tsipika, Ambohijatovo
Librairie Masindahy Paoly, Analakely | Maison Leong Hoi, Diégo | Mille Feuilles, Behoririka

ET DISPONIBLE ÉGALEMENT AUPRÈS DU BUREAU DE LA FRIEDRICH-EBERT-STIFTUNG

Contact 034 05 344 24 | dominique@fes.mg Site web : www.politika.mg | Friedrich-Ebert-Stiftung Villa Martrat, Ankadifotsy Antananarivo 101, Madagascar

FRIEDRICH EBERT STIFTUNG

Tarika Ramilison Besigara zanany

# Hifandona amin-dry Rasoalalao Kavia etsy Mahamasina, rahampitso

*Anisan'ireo mpanakanto sangany amin'ny fikirakirana tambajotran-tserasera ihany koa ny mpihiragasy eto amintsika, ka any no mifampihantsy rehefa hifandona eny an-tsehatra.*



**Hifampitady etsy amin'ny Kianjan'ny Kanto Mahamasina ireto tarika roa tonta ireto.**

Hafanafana indray ny adinkiragasy etsy amin'ny Kianjan'ny Kanto Mahamasina. Tarika mpihiragasy samy sangany no hifandona ao an-toerana rahampitso alahady 17 martsa 2024 tontolo andro. Dia ny tarika Rasoalalao Kavia avy any Ampahimanga sy ny tarika Ramilison Besigara zanany avy eny Fenoarivo. « *Tonga ihany ilay andro nandrasantsika hira gasy ao aminy kianja ny Kanto Mahamasina … izay hikatroany tarika Rasoalalao kavia sy Ramilison Besigara zanany* », hoy ny tarika Rasoalalao kavia manentana ny mpankafy azy ao anatin'ny fesibokiny. Etsy ankilany, ny tarika Ramilison Besigara zanany kosa nilaza fa : « *Ry Antananarivo sy ny manodidina efa ela nifampitsampatsapana fa ity vao tena ady tsy vita. Hiragasy goavana hikatrohan ny Tarika Ramilison Besigara zanany Fenoarivo sy Rasoalalao kavia Ampahimanga …manomboka amin' ny 10 ora….Tongava maro fa amin' io vao tena ady goavana fa samy hamoaka vakodrazana vaovao daholo ny tarika roa tonta ary aleo mahita toy zay tantaraina* », hoy izy ireo anatin'ny pejiny hatrany.

**Maharaka teknolojia**

Any anaty pejy fesiboky izany izao no mifampihantsy ny mpihiragasy rehefa hifandona eny an-kianja eto amintsika. Efa maharaka ny fivoaran'ny teknolojia izy ireo, ary anisan'ny mpikirakira mahafatra-po sy mazoto tokoa raha mijery ireny tambazotran-tserasera ireny.



Saika manana pejy sy kaonty fesiboky avokoa ny ankamaroan'ny tarika mpihiragasy amin'izao fotoana. Maro no mihevitra fa ireo tarika mpihira malaza sy be mpanaraka ihany no mampiasa ny tambajotran-tserasera. Azo lazaina fa tompondaka amin' ny fikirakirana fesiboky ireto farany, na izany aza, tsy tara ny mpihiragasy.

Tsy atao mahagaga izany satria ireto mpihiragasy ireto no tena maharaka hira vaovao sy malaza. Vetivety dia tafita eny ambavan'izy ireo izany, ka hangalany ampahany ataony ao anatin'ny renihira na vakodrazana na ny kabariny eny an-tsehatra.

**Fy**

Tarika Manïa

## Hiverina amin'ny tanjany etsy Isoraka



**Lova eo amin'ny feo, Davids sy Hanits hitendry mpitendry gitara, Did's Gitara Beso, Ranja hitendry ny vato maro hafitsoka ary Fred no handritsoka ny amponga maro anaka.**

Naka bahana kely ary manomana zavatra tsara ho an'ny mpankafy ny mozika Rock sy metaly ny tarika Manïa avy etsy Isoraka. Nanova fomba fijery ihany koa izy ireo ary teo ihany koa ny fanavaozana ny mpikambana ao anatin'ny tarika. Hiverina amin'ny tanjany amin'ny endriny vaovao ry zalahy ary hisantarany izany ny fampisehoana etsy amin'ny No Comment Bar etsy Isoraka amin'ny Alahady izao izay hanomboka amin'ny 4 ora tolakandro. Hitondra ireo hira nahafantarany azy taloha izay nasina fanavaozana sy ireo hirany voavao izy ireo mandritra ity fampisehoana ity ka santionany amin'izany ilay hira hoe « Ianao ihany », « Aza kivy » izay hira voasafidy tamin'ny Rdj Mozika Awards farany teo iny. Ho avy ao daholo ireo mandrafitra ny tarika Manïa amin'ny endriny vaovao izay ahitana an'i Lova eo min'ny feo, Davids sy Hanits hitendry mpitendry gitara, Did's eo amin'ny Gitara Beso, Ranja hitendry ny vato maro hafitsoka ary Fred no handritsoka ny amponga maro anaka. Tsy misy vidim-pidirana moa ny fampisehoana fa maimaimpoana saingy ny fandraisana anjara amin'ny fividianana zava-pisotro efa nomanin'ny toerana no solony.

Ankoatra ity etsy amin'ny NCB Isoraka ity moa dia manomana fampisehoana goavana ho an'ny mpankafy mozika rock sy Metaly ny tarika Manïa. Tiana ny manamarika fa efa nandray anjara tamin'ny big Metal Festival tamin'ny taona 2011 ny Tarika Manïa tamin'ny endriny taloha.

**Tiaray R**

Tarika Ampifitia

# Hiaka-tsehatra ao amin'ny Fjkm Ivandry Firaisana

"*Misy mahafoy nefa mitombo fananana ihany*" (Ohabolana 11 : 24). Io no andinin-tsoratra masina nitondran'ny Faritany Mpanazava Analamanga Avaratra ny rindran-kira fiderana lehibe izay karakarainy. Ny tarika Ampifitia no nofidian'izy ireo hiaka-tsehatra ao amin'ny Fjkm Ivandry Firaisana, ny alahady 24 martsa 2024. Hanomboka amin'ny 3 ora tolakandro ny fotoana, izay hanasan'izy ireo ny olondrehetra tsy ankanavaka. « *Fotoana iray io hanovozana aim-panahy sy ho fanomezam-boninahitra an'Andriamanitra. Tsy misy vidim-pidirana fa fanahin'ny fahafoizana tanteraka, izany indrindra no antony nisafidianan'izy ireo lay andinintsoratra masina ao amin'ny Ohabolana 11:24 izay voalaza etsy ambony* », hoy ny tomponandraikitra. Ny tanjon' izao hetsika izao, araka ny fanazavana « *ho fampandrosoana sy ho fanohanana hatrany ny asa fanabeazana ireo ankizivavy sy zatovovavy eo anivon'ny Mpanazava Analamanga Avaratra sy ny fivondronana tsirairay eo anivon'izany faritany izany. Araka ilay teny iraisan'izy ireo amin'ny Mpanazava eto Madagasikara hoe: "ho an'ny Ankizivavy sy ny tontolony*", hoy ihany ny tomponandraikitra.

**Fy**



**Ny Antoko mpihira Ampifitia.**


## PETITES ANNONCES *Gazetiko*

### MIVIDY

* Lamba, kiraro, boky, vy, fanaka, TV, kojan-dakozia, poketra, debara. Rason. Tél : 034.31.324.79. (G-BA 774/15-10)

* Mm Feno. Mividy kojakoja, fanaka, kiraro, poketra, debara, TV sns. Tél : 033.01.764.83 / 034.22.160.88. (G-BA 773/20-11)

* Lamba, poketra, machine, TV, kojan-dakozia, bisikileta, cahier sns. MA SARAH. Tél : 034.03.047.43. (G-BA 781/10-2)

### COUR

* Cours de Français, Anglais, Chinois chez Wise School Analamahitsy. Tél : 034.17.947.22. (G-BA 778/6-5)

### FORMATION

* Droit de Travail : Formateur, Inspecteur de travail. Tél : 032.42.817.46. Fb MANAMPY JURISTE. (G-BA 769/20-14)

### FAMPIANARANA

* Fampianarana manety lehilahy " coupe homme ". Sarany mirary. Tél : 034.39.292.03. (G-BA 779/10-4)

### SERVICE

* Vidange fosse septique, wc perdu, puisard, Makiplast, plomberie. Tél : 034.60.797.42. (G-BA 783/10-2)

### VIDANGE

* Vidange fosse septique, fosse perdue & puisard… Tél : 034.19.333.09 / 033.64.965.79. (G-BA-775/20-9)

* Vidange wc fosse septique et perdue, puisard, plomberie, réhabilitat°. Tél : 034.01.482.77. (G-BA 777/6-5)

* Manao asa momba ny vidange, wc fosse septique et perdue, puisard. Tél : 033.07.856.77. (G-BA 777/6-5)

* Vidange wc fosse septique et perdue, puisard, plomberie, réhabilitat°. Tél : 032.46.173.34. (G-BA 777/6-5)

* Vidange wc fosse septique, puisard Makiplast, fosse perdue. Tél : 033.51.333.19 / 038.08.304.97. (G-BA 780/12-3)

Ambohidratrimo

# Efa-dahy nikasa hanafika, 1 maty voatifitra, 3 tafatsoaka

*Anisan'ny nampitondra faisana ny mponina tao amin'ny distrikan' Ankazobe ihany koa ry zalahy ireto.*

Nirefodrefotra ny basy tao Ambohimarina, kaominina Anjanadoria, distrikan'Ambohidratrimo ny Alarobia lasa teo tokony ho tamin'ny 10 ora alina. Dahalo efa-dahy nirongo fiadiana no voalaza fa nikasa hanafika tao an-toerana. Nifanehatra tampoka tamin'ny miaramila mpanao fisafoana anefa izy ireo ka tonga dia nitady lalana nandosirana haingana. Raikitra ny fanenjehana nataon'ny miaramila azy ireo. Tsy nanaiky mora anefa izy ireo ka voatery nanapoaka basy ny miaramila. Maty voatifitra ny iray raha tafaporitsaka kosa ireo roa lahy namany. Araka izany dia mbola tsy nisy ny zavatra voaroban'izy ireo tamin'io satria vao teny andàlana hamonjy ny toerana hanafihany iny indrindra izy ireo izao nifanojo tamin'ny miaramila izao.

**Nokarohina**

Tamin'ny fanadihadiana natao no nahafantarana fa efa ela no nikarohan'ny mpitandro filaminana ireto dahalo ireto. Voalaza fa anisan'ny nampitondra faisana ny mponina tao amin'ny distrikan'Ankazobe ihany koa izy ireo ary saika avy any amin'iny faritra iny avokoa ny fiaviany. Efa nalain'ny havany avy any Ankazobe moa ny fatin'ilay iray maty voatifitra io. Mbola mitohy hatrany kosa ny fikarohana ataon'ny mpitandro filaminana ireo namany tafatsoaka. Nohamafisina ny fisafoana ataon'ny zandary sy ny miaramila hiadiana amin'ny tsy fandriampahalemana.

**R.C**

Mahajanga

# Jiolahy nikasa hamira antsy polisy, maty voatifitra

Jiolahy raindahiny efa fantadaza amin'ny halatra arahina herisetra sy fanendahana sady efa mpamerin-keloka no lavon'ny balan'ny polisy tao Tsararano Ambany-Mahajanga omaly maraina. Fanomezam-baovao avy amin'ny olona tsara sitra-po no nahalalan'ny polisy ny toerana nisy azy tao amin'ny fokontany Ambohimandamina. Niroso tamin'ny fisamborana azy avy hatrany ny polisy. Rehefa nofotorana izy dia nanoro ny namany. Rehefa nentina tao amin'ny fokontany Tsararano Ambany izy io maty voatifitra io. Efa nanomana vela-pandrika mialoha teny an-dàlana anefa ireo namany ka tamin' izany indrindra no naharay antsy lava izy ary saika hamira antsy ireo polisy nitondra azy. Nahay niala anefa ilay polisy ka mba tsy voa. Voatery niaro tena ireo polisy ka nitifitra ary io nahavoa azy io, izay niafara tamin'ny fahafatesany.



Ilay jiolahy maty!

**Mirongatra**

Voalaza fa tena mirongatra tokoa ny tsy fandriampahalemana ao Mahajanga. Anisan'izany ny asa fanendahana, izay tsy misy andro sy alina intsony. Misy amin'ireo mpitondra posy sy mpamily bajaj ihany koa no lazain'ny mponina fa olondratsy na miray tsikombakomba amin'ny jiolahy mihitsy. Tsy misy tandroka anefa ny ratsy ka aleo mitandrina foana ihany indrindra fa raha sendra mandeha irery amin'ny toerana mangina na amin'ny andro alina satria tsy mitsitsy mihitsy ireo jiolahy.

**R.C**

Mahasolo

# Lehilahy voaendaka, naratra mafy

Lehilahy 25 taona mipetraka ao Tsarahoby kaominina Mahasolo distrikan'i Tsiroanomandidy no voaendaka ny alarobia lasa teo. Avy niasa tany an-tsaha io lehilahy io ka an-dalana handeha hody no nifanehitra tamin'ny jiolahy telo lahy. Notorahan'izy ireo vato io lehilahy io ka rehefa nianjera dia notsatohany antsy ny ila kibony .Naratra mafy araka izany izy io . Tsy nisy vola na finday anefa teny aminy ka ny bisikileta no nentin'izy ireo nandositra. Tsy nisy nahatsikaritra ny tranga fa olona nandalo no nahita ity lehilahy ity nitsirara ka nitondra azy tany amin'ny hopitalin'i Mahasolo. Mbola manaraka fitsaboana izy hatramin'izao. Mitohy kosa ny fikarohana ireo olon-dratsy.

**Rablaise**

Maevatanàna

# Mpamily 2 lahy nikasa hanao kolikoly hanome Efatra hetsy Ariary

Hentitra amin'ny tsy fanarahan-dàlana ataon'ireo mpampiasa lalana ny zandary miasa amin'ny làlampirenena fahefatra mihazo an'i Maevatanàna iny. Ny Alakamisy lasa teo, tao Marokoloy dia fiara roa hihazo ny lalam-pirenena fahenina no nisy tsy fahatomombanana ny antontan-taratasiny rehefa nosavain'ny zandary. Niezaka hanao fifampiraharahana ireo mpamily fa tsy nanaiky mihitsy ny zandary. Rehefa tsy nety iny dia nandeha amin'izay ny tsindry ka nilazan'ireo mpamily fa olona Ambony no tompon'ireo fiara nentiny ireo. Voaporofon'ny zandary anefa fa lainga noforonina avokoa izany ary na olona Ambony aza, hoy ry zareo dia tsy maintsy fiara sy mpamily manana antontan-taratasy feno araka ny takian'ny lalàna vao afaka manao asa fitaterana.

**Notanana**

Taorian'ny fanamarinana natao dia mbola nanamafy izany ihany koa ny Komandin'ny Vondron-tobim-pileovan'ny Zandarimariam-pirenena Betsiboka. Tsy nisalasala anefa ireo mpamily raha nilaza fa vonona hanome lelavola mitentina Roa hetsy Ariary ary mbola nakariny Efatra hetsy Ariary indray aza izany avy eo. Nanamafy ny zandary fa kolikoly io kasain'izy ireo hatao io saingy mbola natolony hatrany ny lelavola Roa hetsy Ariary. Noho izany dia voatery tsy maintsy notanana natao famotorana ireto mpamily roa lahy ireto.

**R.C**

Tsiroanomandidy

# Nanirahany dahalo hanafika ny tanàna, noho ny resaka ady lova

Ady lova nitarika fitondrana dahalo nikasa hangalatr'omby tao Bemangoraka kaominina ambanivohitra Fihaonana, distrikan'i Tsiroanomandidy. Tamin'ny talata teo no tonga tao amin'io toerana io ny dahalo, hangalatra omby. Izany hoe efa voairakin'ny andaniny izy ireo ka nisy mihitsy ny fifampitifirana. Olona iray no naratra vokatr'izany.Ny omby kosa tsy tafavoaka fa efa niparitaka tamin'ny toerana maro teny. Miady lova ireo fianakaviana roa tonta izay anisan'ny manana omby betsaka teny amin'ny faritra teny ka ireo zafiny no tsy mifanaraka miteraka izao fifandonany sy fitondrana dahalo hanafika izao, raha ny angom-baovao. Voatery niditra an-tsehatra moa ny mpitandro ny filaminan rehefa nahare ny fampilazana. Nidina ifotony ny zandary avy ao amin'ny zana-tobim-paritra Morafeno niaraka amin'ny Ben'ny Tanàna Tsiroanomandidy Fihaonana hijery ny zava-misy any an-toerana. Tonga hanampy ireo mponina hikaroka ireo dahalo ireto farany sady hisakana kizo izay mety holalovan'ireo olon-dratsy niditra. Nahetsika avokoa ireo mpisehatra fampandriana fahalemana rehetra ao amin'ny fokontany Bemangoraka, Talata Mahazoarivo, Amparihibe, Bepoaka. Na izany aza tsy nahitam-bokany ny fikarohana. Ny Tobim-paritra Tsiroanomadidy no misahana ny raharaha.

**Deyland**

## MANAL'AZY DE MI'MEME



Ampitatafika

# Lehilahy mpanakalo vola maty nokapaina famaky sy nolerana antsy

*Tokony ho tamin'ny 10 ora alina no nentiny tamin'ny borety ny razana ary nariany teny am-body kirihitra tokony ho 30 metatra miala amin' ny trano nambenany.*

Lehilahy iray 34 taona no maty novonoina tamin’ny fomba feno habibiana ny 4 janoary lasa teo teny Ampitatafika ka rehefa nandeha ny famotorana nataon’ ny mpitandro filaminana dia olona roa no voasambotra voarohirohy tamin’ity raharaha ity. Vehivavy iray no voasambotra voalohany ary ilay lehilahy kosa tratra ny talata lasa teo. Taorian’ny famotorana nataon’ny zandary dia niakatra fampanoavana omaly ny raharaha. Lehilahy mpanakalo vola eny Analakely ity maty ity. Nantsoin’ilay lehilahy ho tonga tany aminy izy ny 3 janoary teo fa hoe misy vola 1 000 euros hatakalo indray any aminy. Fantatra mantsy fa efa nisy fotoana nanakalo vola taminy ity olondratsy ity ka nifanome laharan-telefaonina izy ireo. Dia tonga tany aminy tany Ankaditany ilay lehilahy rehefa nandeha taxi-môtô niala avy any Analakely. Nony tonga tao an-trano ka teo ampanisana vola anefa ilay lehilahy no avy dia nahararaotin’ ilay olon-dratsy nokapaina tamin’ny famaky ny hatony ary notsindronina antsy ny tendany dia avy eo nafeniny tao amin’ny trano fatoriany ny razana. Dia nasainy nandeha ilay mpitondra taxi-môtô taorian’izay rehefa avy nomeny vola satria hoe mbola miresaka amin’ny lehibe ralehilahy kanefa efa novonoiny tao. Tokony ho tamin’ny 10 ora alina no nentiny tamin’ny borety ny razana ary nariany teny am-body kirihitra tokony ho 30 metatra miala amin’ny trano nambenany. Mpiambina trano iray eny Ankaditany izy.

**Nozaraina ilay vola**

Fantatra fa 4 tapitrisa ariary ny vola tany amin’ilay maty ka nolazainy fa nifampizaran’ izy sy ilay ramatoa notondroiny ho mpiray tsikombakomba aminy io vola io. Ka lazainy fa 1 tapitrisa ariary an’ilay ramatoa fa ny ambiny no azy. Nodorany avokoa ihany koa ny entan’ilay maty toy ny karapanondro, sac banane ary finday taorian’ny namonoany azy. Tsiahivina fa ny 4 janoary no hita faty teny amin’ny toerana antsoina hoe Ambohitrandriana ao anatin’ny fokontany Ankaditany kaominina Ampitatafika distrikan’ Antananarivo atsimondrano ilay lehilahy novonoina ka tokony ho tamin’ny 5 ora maraina tamin’io fotoana io izy no hita teny an-toerana ny fatiny. Raha vao naheno ny zava-nitranga ny zandary dia tonga nidina ifotony tany amin’ilay toerana. Nanomboka teo ny fanadihadiana sy ny fikarohana ny nahavanon-doza ka izao niafara tamin’ny fisamborana ireto olona roa ireto izao. Omaly no natolotra ny fampanoavana eny Anosy ity raharaha ity.

T.H

Befandriana avaratra

# Efa-dahy mpanao fanafihana mitam-piadiana nidoboka am-ponja

Lehilahy efatra mpanao fanafihana mitam-piadiana no voasambotry ny polisy ny 6 martsa lasa teo tany Befandriana avaratra. Nandritra ny fisavana tamin’ ny fotoana nisamborana azy ireo dia nahitana basy lava roa sy bala maro teny amindry zalahy. Fanafihana roa no voalaza fa nandraisan’ ireto farany anjara dia ny fandrobana mpividy omby ny iray izay niseho ny volana febroary lasa teo tany amin’ ny fokontany Ambohimandroso ao anatin’ny kaominina Mandritsara. Andianjiolahy nirongo fitaovam-piadiana mahery vaika no tonga nanatanteraka ny asa ratsiny tany an-toerana. Voafehin’ ireo jiolahy ilay lasibatra ka nahazoany vola mitentina 4 tapitrisa ariary tao aminy. Lasa nandositra ireo jiolahy rehefa azony izay nilainy. Fa taorian’izay ihany koa dia nisehoana trangana fanafihana tao amin’ny mpandraharaha iray tany amin’io tanàna efa notafihin’ny jiolahy tetsy ambony io.

**Fanafihana roa**

Efa noraisin’ny polisy antanana ny mikasika ireo trangana fanafihana roa niseho ireo ka araka ny fanadihadiana nataon’ireo mpitandro filaminana dia ekipana jiolahy iray ihany no tompon’ antoka tamin’ireo. Nitohy ny fikarohana ireo olon-dratsy ka ireo voasambotra ireo izy efa-dahy ary mbola nahatratrarana fitaovam-piadiana teny amin’izy ireo. Resaka fanafihana mitam-piadiana sy fikambanan-jiolahy ary fitazonana basy tsy aradalàna no vesatra niampangana an-dry zalahy ireo. Taorian’ny famotorana teny anivon’ny mpitandro filaminana dia natolotra ny fampanoavana ny 11 martsa lasa teo ny raharaha ka ireo naiditra am-ponja vonjimaika ireo ry zalahy miandry ny fotoampitsarana azy ireo.

T.H

Toliara

# Hampitomboana ny fiofanana homena ny voafonja

Nijery ny zava-misy iainan’ny Voafonja ao Toliara ny Mpitahiry ny Tombokasempanjakana, Minisitry ny Fitsarana. Voafonja 837 no ao ka 787 ny isan’ny lehilahy ary 25 no isan’ny Vehivavy, raha 25 ny zaza tsy ampy taona. Manoloana io dia nanamafy ny Minisitra fa tsy maintsy hampitomboana ny fanofanana ny Voafonja. Izany dia mba ho fanarenana ny fiainan’izy ireo, rehefa tapitra ny sazy. Ary ho fanatanterahana ny politikampanjakana amin’ny fanomezan-danja ny maha-olona. Ho tantsoroka amin’izany ihany koa dia nanolotra fitaovana ho entina miofana ny Minisitry ny Fitsarana. Nahitana lafaoro miaraka amin’ny kojakoja fanaovana mofomamy, milina fanjairana miaraka amin’ny kofehy sy valonan-damba, fitaovana fidiovana, koveta sy fandokoana trano ary sakafo. « Fanofanana mivelatra amin’ ny sehatra maro no hampanaovina ny Voafonja ka tsy maintsy mametraka fiarahamiasa amin’ny karazampikambanana matihanina ny tomponandraikitry ny Fonja. Ao ny fiaraha-miasa amin’ny tomponandraikitra eo anivon’ ny Minisiteran’ny Fampianarana Tekinika sy Fanofanana arak’asa.



**Ny Minisitry ny fitsarana nanolotra ny Fitaovana.**

Deyland

Ambohijanaka

# Tovolahy nandrahona ny Ray aman-dReniny tamin’ny sabatra

Vokatry ny fidorohana rongony dia vitan’ity tovolahy ity mihitsy ny nandrahona ireo Ray aman-dReniny tamin’ny sabatra sady nampihorohoroany. Araka ny fanazavàna azo, ny talata lasa teo teny Anganomasina- Soanavela, kaominina Ambohijanaka no nitrangan’izany. Efa mamon-drongony ilay tovolahy tamin’io ka nila vaniny tamin’ireo nahitàny masoandro rehefa tonga tao an-trano sady nanakorontana. Tsy hitan’ireo Ray aman-dReniny izay natao satria sady matanjaka ilay tovolahy no mahery setra ka tsy hita hatao inona. Voatery tsy maintsy nampandre ny mpitandro filaminana izy ireo satria efa sabatra mihitsy no narangarangan’ilay tovolahy nentiny nandrahonana azy ireo. Fotoana fohy taorian’izany dia tonga teny an-toerana ny zandary. Nosamborina avy hatrany ilay tovolahy. Rehefa nosavaina ny tranony dia mbola nahitàna fonosana rongony miisa roa teo ambony latabatra.



**Ilay tovolahy!**

**Any am-ponja**

Efa tsy tompon’ny tenany intsony moa ilay tovolahy tamin’io noho ny zava-mahadomelina nofohany. Nentina namonjy ny biraon’ny zandary izy mba hatao famotorana. Nogiazana ihany ireo rongony tratra tao amin’ny efitranony ireo. Ny Alakamisy lasa teo izy no natolotra ny Fampanoavana teny Anosy ka notanana vonjimaika eny amin’ny fonjan’Antanimora miandry ny Fitsaràna azy. Hita araka izao fa sady manimba no hahavitàna zavatra tsy ampoizina mihitsy ny fidorohana itony zava-mahadomelina itony ary anisan’ny antony iray mampirongatra ny tsy fandriampahalemana ihany koa.

R.C

Ivato

# Olona nikasa hangalatra saron’ny zandary

Lehilahy iray no tratra saika hangalatra tao amin’ny trano iray Omaly tokony ho tamin’ny 1 ora maraina raha nanao fisafoana teny amin’ny faritra K4 Ivato ny zandary no nahita olona efa tafiditra tao anaty fefin’olona. Nampiahiahy avy hatrany io ka nasaina nijanona mba hanaovana fanamarinana. Nandritra io fotoana io no nahafantarana fa nikasa hangalatra tao amin’ilay toerana ralehilahy. Dia nofoazina ny tompon-trano avy eo. Ilay lehilahy voasambotra kosa nentina nankany amin’ny biraon’ny zandary tao amin’ny zana-tobi-paritra Ankadindravola ary natao andrimaso tany. Efa nasaina nametraka fitoriana ny tompontrano. Fantatra fa monina any amin’ny fokontany Ambodirano kaominina Ivato ity lehilahy tratra saika hangalatra ity.



**Ilay lehilahy tratra saika hangalatra.**

**Hafa koa**

Fa mikasika trangam-piaraha-monina teny Ivato izay ihany dia olona mpisakaiza 34 taona sy 28 taona no voasambotra noho ny fivarotana sy famatsiana rongony ireo manodidina eny amin’ny faritra K2 eny an-toerana.Nidina teny antoerana ny zandary ka nisambotra azy ireo ary nandritra ny fisavana dia mbola nahitana rongony fonosana valo sy rongony efa miala amin’ny tahony iray harona sachet mialanja 300 grama eo ho eo tany amin’izy ireo miampy taratasy famonosana maromaro izay niaraka tao anaty kitapo. Fantatra fa monina any Ambodirano Ivato izy ireo.

T.H

Fampiasana fiaram-panjakana

# Miverina indray ny fihoaram-pefy

*Fanovana laharana mainty ny fiara raha tokony ho laharana mena; santionany amin' ny fandikan-dalàna tsikaritra eny an-dàlana.*



**Fiaram-panjakana. (Sary tahiry)**

Dimy taona aty aoriana, hadinodino ny fampahatsiahivana nataon'ny Fiadidiana ny Praiminisitra, tamin'ny alàlan'ny didim-pitondrana laharana 17773/2018, noraisina tamin'ny 5 jolay 2018, milaza fa tsy maintsy averina mena avokoa ny laharan'ny fiaram-panjakana, ampiasaina na fiara ampiasain'ny sampandraharajampanjakana io na ampiasain'ny tompon'andraikitra ambony. Ny zava-misy anefa dia maro ny fiaram-panjakana no laharana mainty, ankoatry ny any amin'ny Fiadidiana ny Praiminisitra. Ny maro amin'izy ireo aza dia tsikaritra ho nanaovana fampielezankevitra, tamin'ny fotoan' androny ary mbola fanontaniana mipetraka ny hoe: Notazonin'ireo nampiasa azy ve sa efa naverina ny fiarampanjakana? Ankoatra ny tsy fanajana ny takelaka mena dia miverina indray ny fihoaram-pefy amin'ireo tompon'andraikitra ambony mampiasa fiaram-panjakana izay matetika tsy manaja lalàna. Misy amin'izy ireo ny mampiasa ireny fiara misava lalana ireny, nefa tsy mananjo hanao izany.

**Sao dia mba fotoana hamerenana ny fanarahamaso!**

Ambaran'ny lalàna, ary efa nampahatsiahivin'ny Fiadidiana ny Praiminisitra fa ny filohan'andrim-panjakana ireny ihany no afaka mampiasa ireny fiara mpisava lalana ireny : Ireto avy izy ireo: Ny filohan'ny Repoblika; ny filohan'ny Antenimierampirenena; ny filohan'ny Antenimierandoholona; ny praiminisitra ary ny filohan'ny fitsarana avo momba ny lalam-panorenana. Tsiahivina fa afaka mampiasa fiara mpisava lalana kosa ny fiara mpitondra marary; ny fiaran'ny mpitandro filaminana ary ny fiaran'ny mpamonjy voina. Ny mateti-piseho eny amin'ny fifamoivoizana eny dia miafina ao anatin'ny fiara mainty fitaratra ireo mampiasa mpisava izay azo antoka fa tsy filohan' Andrimpanjakana. Tranga mampiseho fanaparampahefana, andaniny. Ary ankilany, vao maika manelingelina ny fifamoivoizana efa mitohana. Ankoatra ireo, ny tena mahatsikaiky dia ny fahitana mpitandro filaminana, mitazona fitaovam-piadiana, omena baiko miambina teratany vahiny na ny fianakavian'ny olona ambony izay marihina fa tsy omen'ny lalàna zo hanana izany. Manoloana ireo tranga hafahafa tanisaina eo ambony ireo dia manitikitika ny fanontaniana ny amin'ny hoe: Sao dia mba fotoana izao hanaraha-maso ny tsy fanarahan-dalàna, mba hamerenana amin'ny laoniny ny filaminana eto amintsika.

V.R.

Fifidianana depiote

# Hisokatra amin'ny 27 marsa ny fametrahatra ny filatsahan-kofidiana



**Ireo tomponandraikitry ny CENI nitondra fanazavana teny Alarobia omaly.**

Taorian'ny namoahan'ny fitondram-panjakana ireo didim-panjakana mamaritra ny fifidianana solombavambahoaka dia nandray ny andraikiny avy hatrany ny Vaomieram-pirenena mahaleo tena misahana ny fifidianana na CENI. Omaly teny Alarobia nandritra ny fanatanterahana ny sehatra ifampizaram-baovao sy ifanakalozana iarahana amin'ireo mpisehatra amin'ny fifidianana no nanomezan'izy ireo fanazavana momba ny fanavaozana isan-taona ny lisitry ny mpifidy (RALE 2023-2024), ny tetiandro sy ny fanamarinana sy fandraketana ny antontantaratasy filatsahan-kofidiana (OVEC : Organe de Vérification et d'Enregistrement des Candidatures) ho an'ny fifidianana solombavambahoaka. Hisy ihany koa ny fanazavana ny fandrindrana ny serasera amin'ny alàlan'ny fampitam-baovao (ANRCM : Autorité Nationale de Régulation de la Communication Médiatisée). Mikasika ny fifidianana solombavambahoaka, dia fantatra fa hisokatra ny faha-27 marsa izao ny fametrahana ny antontantaratasy firotsahana ho fidiana ho an'ireo kandidà mandray anjara ary hifarana ny 8 avrily 2024. Eny amin'ny biraon'ny OVEC manerana ny Nosy no hanaterana izany. Araka ny fanazavan' ny Filohan'ny CENI Atoa Dama Arsène Andrianarisedo, dia hisy ny fanambarana amin'ny fomba ofisialy ny lisitr'ireo kandidà afaka mandray anjara amin'ny fifidianana. Hanomboka amin'ny 8 mey ka hatramin'ny 27 mey kosa ny fampielezan-kevitra ho an'ireo kandidà manerana ny Nosy. Notsindriany fa mahatratra 44 miliara ariary ny tetibola hanomanana sy hanatanterahana ity fifidianana ity.

JUDD

## Marina izany !

### Alohalika ny ranom-bary!

**Mpiasa no tsy mandray karama ; olom-pirenena maro tsy afaka mitsabo tena araka ny tokony ho izy rehefa marary; potika ny lalana na ny an-drenivohitra na ny lalam-pirenena; mikorosy fahana mba tsy hilazana hoe an-dalam-pahafatesana ny ankamaroan'ny orinasa Malagasy;…Santionany amin'ny olana sedrain'ny vahoaka, manampy trotraka ny fiakaran'ny vidimpiainana; ny tsy fananan'ny tanora asa; firongatry ny tsy fandriampahalemana saika manerana ny Nosy; ny kolikoly avo lenta mangalatra tanin'olona sy mandrodana trano. Trangan-javatra samihafa ahafahana milaza fa alohalika ny ranom-bary eto amintsika satria mivangongo loatra ny olana sedrain'ny vahoaka maro an'isa. Manoloana izany anefa toa tsikaritra ho mitazampotsiny ny tompon'andraikitra voakasika mivantana. Tsy misy vahaolana maty paika atao hiatrehana izany fa matetika vonjitavanandro na fampanantenana poakaty na koa fampiasana serasera hanodinkodinana ny zavamisy no atao. Indrindra amin'izao ankatoky ny fifidianana solombavambahoaka izao dia hita ho mifantoka betsaka amin'ny ketriketrika ny ahazoana maro an'isa, eny amin'ny Antenimierampirenena ny rehetra. Hany ka somary hadino ny fampandehanana ny fiainana andavanandron'ny mponina izay efa sempotry ny fahasahiranana. Dia ireny niseho tamin'ny alàlan'ny fametrahana dakam-pako nanakanan-dalana, nataon'ny mpiasan'ny SMA (orinasa misahana ny fanadiovana ny tanànan'Antananarivo), tezitra noho ny tsy fandoavana ny karaman'izy ireo am-bolana maro, teny Ampasapito ireny ny hatezeran'izy ireo, omaly. Fidinana an-dalambe efa niseho tany Toamasina ihany koa noho ny fahatapahan-jiro lavareny. Tranga ahiana hanao randratarihina!**

Voahangy Rakotozafy

Sambo Mercy Ships

# Hanomboka amin'ny 28 mey ny fizahana ireo marary

Hatramin'ny fiandohan'ny volana febroary lasa teo no efa niantsona tao amin'ny seran'i Toamasina ny sambo hopitaly Mercy Ships. Tanjony amin'izany ny hitondra fitsabona sy ny fahaiza-manao ho entina mamonjy maimaimpoana ireo marary ao an-toerana. Eo ihany koa ny fanofanana ireo mpiasan'ny fahasalamana. Efa nisokatra tamin'ny alatsinainy 11 marsa lasa teo ny fandraisana ny anaran'ireo marary hisitraka ny fitsaboana ary mifarana ny 29 marsa ho avy izao. Hivoaka ny 9 mey izao kosa ny lisitr'ireo marary notsongaina sy voasivana hahahazo ny fitsaboana amin'izany. Hanomboka ny 28 mey kosa ny fizahana sy ny fandidiana ireo marary izay mila izany ho an'ity taona 2024 ity. Marihina fa ireo marary tsy mbola nahazo fitsaboana tany amin'ny toerana hafa no hahazo tombony amin'ity hetsika ataon'ny sambo Mercy Ships ity. Ao anatin'ny fanomanana tanteraka ny fandraisana ireo marary sy ny fitsaboana ho tanterahiny ireo ekipa miaraka amin'ity sambo misy hopitaly lehibe ity, izay iarahana ny miasa amin'ny governemanta Malagasy amin'ny alalan'ny ministeran'ny Fahasalamam-bahoaka.

JUDD




**Efa tamin'ny fiandohan'ny volana febroary lasa teo no niantsona tao Toamasina ny sambo hopitaly Mercy Ships.**

Hazakazaka ho eny Tsimbazaza

# Mitaona ny vahoaka hifidy ny kandidàn'ny mpanohitra ny "kolektifan'ny Malagasy"



**Hanana kandidà ho solombavambahoaka ny kolektifan'ny Malagasy.**

Tapa-kevitra ny handray anjara amin'ny fifidianana solombavambahoaka hatao eto amin'ny tanin'ny Repoblikan'i Madagasikara amin'ny 29 May ihany ny Kolektifan'ny Malagasy, vovonana iarahan-dry Jean Jeacques Ratsietison, Roland Ratsiraka, Hajo Andrianainarivelo, Andry Raobelina ary Tahiana Razafinjoelina mitarika. Miainga amin'ny voalaza tao amin'ny fandaharana manokana, nitondran'ireo mpanao politika ireo ny fomba fijeriny ny raharaham-pirenena sy ny zotram-pifidianana omaly mantsy dia hanana kandidà sy handray anjara mavitrika amin'io hazakazaka ho eny Tsimbazaza io izy ireo. Nandray fitenenana voalohany tamin'izany i Jean Jacques Ratsietison, nanamarika fa "*mila mifidy ny kandidà hatolotry ny kolektifan'ny Malagasy na avy amin'ny fanoherana raha ohatra ka tsy misy kandidan'ny kolektifa amin'ilay toerana*". Nambarany tamin'izany ihany koa fa mbola tsy vita ny tolona natomboka talohan'ireny fifidianana filoham-pirenena ireny. "Ny antony hiarahanay dia hanohy ny tolona satria azo tohizana eny amin'ny Antenimierampirenena izany", hoy ny teniny. Tsy nifanalavitra tamin'izany ihany koa ny nambaran-dry Tahiana Razafinjoelina, izay nilaza toy izao: "*mitohy foana ny fanoherana ny zavatra tsy mety. Ny eny ifotony no manolotra ny kandidà. Tsy ny fifaninanana samy mpanohitra no tanjona. Isika mpino dia tsy maintsy manantena. Manana adidy isika handray andraikitra koa andao handray andraikitra, indrindra amin'io fifidianana depiote io. Manana lanja lehibe amin'ny fampandrosoana ny firenena mantsy izany solombavambahoaka izany*".

**Tsy azo antoka**

Namerina nanazava ny maha zava-dehibe ny tolona niarahan'ireo mpanao politika ireo nanomboka tamin'ny vanimpotoan'ny fampielezan-kevitry ny fifidianana filohampirenena farany teo sy ny tanjona kendren'ny kolektifan'ny Malagasy kosa i Hajo Andrianainarivelo tao anatin'ny fandraisam-pitenenany. "*Ny zava-dehibe tamin'ireny tolona niharahan'ny Vondron'ny kandida 11 izany dia ny nahafahan'ny teny ifotony niray hina satria sady tsy nifankahalala no mety nifandrafy foana taloha. Ankehitriny, hita ho tsy mitsinjo ny ho avin'i Madagasikara ireo mpitondra ireo. Potehin'izy ireo ny firenena satria tsy manana vina entina mampandro an'i Madagasikara ny mpitondra. Koa ny tanjona iombonantsika amin'izao fotoana izao dia ny fampitsaharana ny fanjakana tsy tan-dalàna koa ndao hiara-hientana satria ny olona ho tonga ao amin'ny Antenimierampirenena no hanova an'i Madagasikara*", hoy io filohan'ny atoko MMM io tamin'izany. Ao anatin'izany rehetra izany, mbola naneho ny tsy fahatokisany ireo rafitra sy Andrimpanjakana mpikirakira fifidianana hatrany ny Kolektifan'ny Malagasy, tamin'ny alalan'ny depiote Roland Ratsiraka raha nandray fitenenana. "*Tsy azo antoka ny Fitsarana eto amintsika koa takiana hatrany ny fanovana ireo mpikambana ao amin'ny CENI sy ny HCC*", hoy io mpanao politika io tamin'izany.

**Mamy R.**

Filohan'ny HCC - Fifidianana depiote

# "Hanintsana ireo kandidà mampiasa fitaovam-panjakana avy hatrany izahay"

*Mandrangaranga sazy ho an'ireo mieritreritra ny handika lalàna amin' ny fifidianana solombavambahoaka Ing. Florent Rakotoarisoa.*



Hofoanana manontolo! Milaza ny tsy hijery fotsiny ny fanaovana propagandy alohan'ny fotoana sy ny fampiasana ny fitaovampanjakana hikatsahana tombontsoa manokana amin'io fifidianana solombavambahoaka manaraka io ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana. Omaly, nanambara Ing. Florent Rakotoarisoa, Filohan'io Andrimpanjakana eny Ambohidahy io nandritra ny hetsika nokarakarain'ny CENI fa tsy hiandry fitoriana izy ireo fa tonga dia handray fepetra amin'ireo kandidà hita sy voamarina ho mandika lalàna avy hatrany. "*Tsy maintsy hisy sazy ho an'ireo kandidà tsy manara-dalàna. Ohatra amin'izany ny fanalana an-daharana izay kandidà mampiasa ny fananam-panjakana hanaovana fampielezan-kevitra. Hofoanana manontolo sy amin'ny ampahany ihany koa ny valim-pifidianana any amin'ireo toerana voamarina fa nisy hosoka. Koa tsindriana etoana fa toy ny nataonay tamin'ny fifidianana filohampirenena farany teo dia handray fepetra avy hatrany izahay na dia tsy misy fitoriana aza manodidina ireo fandikan-dalàna ara-pifidianana ireo*", hoy Florent Rakotoarisoa tamin'izany.

**Tsy mampihontsona**

Mifanindran-dalana amin'izany, tsy vitsy ireo milaza fa sarotra ny hifehezana ny fampielezankevitra alohan'ny fotoana sy ny fanenjehana ireo heverina ho mampiasa ny fitaovampanjakana hikatsahana tombontsoa manokana raha ny zava-nisy teto Madagasikara tao anatin'izay taona maromaro izay. Ny lalàna mikasika ny fifidianana amin'ny ankapobeny mantsy dia tsy misy na andininy iray aza miresaka ny sazy tokony hampiharina amin'ireo manao fampielezankevitra mialoha ny fotoana, na dia fantatra aza fa mampisy tombo sy hala ny kandidà mpifaninana izany. Na efa miezaka mampitahotra sy mandrangaranga sazy ary mampihatra izany mihitsy aza, saika isaky ny mandray fitenenana ny mpitondra ankehitriny isan-tsokajiny dia toa tsy mampihontsona ny mpandika lalàna amin'ny endriny samihafa. Tsy misy afa-tsy ny feon'ny fieritreretan' ny kandidà ho solombavambahoaka sy ny mpomba azy izany no mibaiko ny fihetsiny ka hanavahany na efa fampielezan-kevitra no ataony na fampahafantarana ny tenany fotsiny.

**Mamy R.**

Vondron'ny Adminisitratera sivily - Mahajanga

# Mitaky ny hampitsaharana ny tsindry

Milaza ho mahatsapa ny vondron'ny Administratera Sivily any Mahajanga, izay mivondrona ao anatin'ny Synad fa iharan'ny antsonjay sy fanenjehana ary fandotoana izy ireo amin'izao fotoana izao. Araka ny fanambarana navoakan'izy ireo, dia sesilany ny fanagadrana sy famonoana ny naman'izy ireo noho ny tondro molotra sy halako bika tsy tiako tarehy tao anatin'izay fotoana maromaro izay. Miainga amin'io fanambarana io hatrany, dia mitaky ny hampitsaharana tsy misy hatak'andro ny antsonjay sy ny tsindry samihafa mihatra amin'ny administratera sivily sy ny solotenam-panjakana na avy amin'iza na avy amin'iza izy ireo. Angatahin'izy ireo ihany koa ny handraisan'ny Filohan'ny Repoblika sy ny Praimisinistra Lehiben'ny Governemanta ny solotenan'ny Administratera sivily. Farany, takian'izy ireo ihany koa ny hanajana ny tandrifin' andraikitra sy ny tandrifimpahefana ananan'ny tsirairay izay faritan'ny didy amandalàna manan-kery eto amin'ny tany sy ny firenena.

**Nangonin'i Mamy R.**

**TOLOTRA MANOKANA Gazetiko**

Noho ny fahatraran'ny Gazety GAZETIKO ny faha 20 taonany dia misy tolotra manokana amin'ireo "Petites annonces" izay 500 ariary isan'andro. Atero aty amin'ny MIDI PUBLICITE 6, lalana Robin Ramelina Andohan'Analakely Ambatonakanga na aty amin'ny foiben'ny GAZETY Ankorondrano ny "Petites annonces".

*"Izay tonga aloha tompon-tanindrazana."*

***Fenoy amin'ny sorabaventy ny tapakila eto ambany ary atero amin'ny adiresy voalaza etsy ambony.***

Anarana : Fanampiny :

Adiresy : Nomerao C.I.N : Tél. :

Antananarivo Renivohitra - Karama tsy voaloa

# Nobahanan'ny mpiasan'ny SMA dabam-pako ny arabe, olona 3 voasambotra

*Karama volana janoary no noraisin'ireo mpiasa farany.*



**Nisavoritaka ny teny amin'ny lalana nolalovan'ireo mpiasan'ny SMA nitokona. (Sary : Kelly R.)**

Nanao fitokonana faobe ny mpiasan'ny SMA (Société Municipale d'Assainissement). Nanatanteraka fihetsiketsehana teny Nanisana izy ireo omaly noho ny fahataran'ny fandoavana karama. Tsy nijanona teo ny raharaha fa nitohy tamin'ny fidinana andalambe. Nahohok'izy ireo tamin'ny tany avokoa ireo fako tamin'ny daba tamin'ny lalana nolalovany, ary nobahanan'izy ireo tamin'ny dabam-pako ny lalana. Anisan'ny nahitana izany ny teny Mahazo, Vatosoa, Ankadindramamy, Nanisana, Ampasampito, Ampandrianomby, Avaradoha, Besarety, Andravoahangy, ary Behoririka. Nikatso vokatr' izany ny fifamoivoizana teny amin'ireo toerana ireo, ka niditra an-tsehatra ireo mpitandro filaminana. Vokany, mpiasan'ny SMA telo no nosamboron'ny mpitandro filaminana teny Mahavoky Besarety tamin'ny efatra ora hariva, araka ny fampitambaovao azo avy amin'ireo mpiasa nanao fitokonana. « *Karama volana janoary no noraisinay farany, ary mandeha tsipotipotika ny fandoavana no sady miovaova fa tsy raikitra ny fotoana handraisana azy. Noana izahay ary mijaly ny vady aman-janakay. Ny karamanay koa anefa mbola anesorana latsak' emboka amin'ny fiantohana ara-pahasalamana, kanefa tsy misitraka izany tolotra ara-pahasalamana izany izahay mpiasa sy ny vady aman-janakay rehefa marary. Nisy ny toromarika avy amin'ny filoham-pirenena ny hanadiovana ny tanàna ao anatin'ny 10 andro. Nampiasaina andro aman'alina izahay ary nampanantenana fa aloa ny karama. Tapitra omaly alina ilay fe-potoana ary nadio ny tanàna. Akory anefa ny hagaganay rehefa tonga haka karama teto izahay fa tsy misy indray ilay karama.* », hoy ny solontenan'ny mpiasa iray.

**Laharam-pahamehana**

Tsy tanteraka araka izany ny fampanantenana nataon'ny PDS-n'ny kaominina Antananarivo Renivohitra. Tsiahivina nisy ny fifampiresahana fohy teo amin'ireo solontenan'ny mpiasan'ny SMA sy ny PDS nandritra ny fanolorana ireo fitaovana avy tamin'ny firenena japoney tamin'ny 4 martsa lasa teo, teny Nanisana, ka nilazan'ity farany ny hijerena ao anatin' ny fotoana fohy io olan'ny karama io. Anisan'ny nambarany ho laharam-pahamehana mandritra ny fotoampiasany koa, nandritra ny lanonana makotrokotroka nametrahana azy tamin'ny fomba ofisialy, teo amin'ny Lapan'ny tanàna Analakely tamin'ny 5 martsa lasa teo, ny fanadiovana ny tanàna, ny fanamboaran-dalana, ny fandrindrana ny tsena, ary ny fanomezana fahafaham-po ny mpiasan'ny kaominina. Tonga nanohana ny fitakian' ireto mpiasa ireto teny Nanisana koa ny mpiaro ny zon'olombelona avy amin'ny Andrimaso.

**R. Muray**

Fandefasam-bola avy any Ivelany

# Nanokatra varavarana ho an'ny firenena 200 ny BNI



**Eo am-panomanana tetikasa vaovao mampiasa ny kajy mirindra amin'ny fandraharahana ara-bola ho an'ny daholobe ny ekipan'ny BNI. (Sary : Kelly R.)**

Mivoatra ny tontolon'ny fifanakalozana ara-bola eo amin' ny sehatra iraisam-pirenena. Eo anatrehan'izany indrindra, nanokatra fiaraha-miasa amin'ny MoneyGram ny banky BNI Madagascar. « *Miara-miasa amin'ny firenena 200 ny MoneyGram ary tsy azo ihodivirana eo amin' ny fandehasam-bola iraisam-pirenena. Izany indrindra no nahatonga anay nanokatra ity fiaraha-miasa ity mba hahafahan'ireo masoivoho 110 miparitaka amin'ny faritra 23 manerana ny Nosy mandray vola avy amin'ireo firenena ireo. Tsy misy afa-tsy ny 20 isanjaton' ny Malagasy no manana kaonty amin'ny banky. Ity fiaraha-miasa ity dia hanokatra ny varavaran'ireo masoivohonay amin'ireo mbola tsy manana kaonty. Iarahamahalala fa maherin'ny 600 miliara Dôlara ny vola mifamezivezy maneran-tany, ka anisan'ny mandray anjara ao anatin'izany ireo malagasy mipetraka any ivelany sy ny vahoaka malagasy.* », hoy ny tale jeneralin'ny BNI, Alexandre Mey. Nampahafantarina omaly teny Analakely ity fiaraha-miasa ity, izay heverina hampitombo isa ny Malagasy misitraka ireo tolotra ara-bola amin'ny banky andaniny, ary hanampy amin'ny fampihodinana ny toekarena ankilany. Tsy misy sarany aloa amin'ny fandraisana ny vola eto an-toerana ary azo amin' ny fotoana handehasana azy ny vola. Mikarakara fisarihana hahazoana loka lelavola mitentina 1 tapitrisa Ariary amin'ny fampiasana ity tolotra ity ny BNI ao anatin' ny telo voalohany amin'ny fiaraha-miasa.

**R. Muray**

## Taratasy ho an-dRamala

### " Mandry ve ny ao an-tanàna ô ! "

Any Ramala,

Anisan'ny fanao tamin'ny lalaon'ny ankizy fahiny teto amintsika Ramala ilay hirahira manao hoe " Mandry ve ny ao an-tanana ô ! ". Setrin'izay dia misy mamaly hoe " Izy efa matory é ! ". Ny taloha mantsy Ramala tsy mba nanana jiro mazavabe mandeha amin'ny herin'aratra rehefa alina ny andro toy ny amin'ny androntsika ankehitriny. Hany ka mangina ny tanàna raha vao maizina ny andro sady matory alohaloha koa ny olona. Rehefa amin'ny andro diavolana ihany vao mba mety mahita ankizy milalao eny an-tokotany. Lalao ihany izany ka lalao fa amin'izao androntsika izao Ramala toa tsy mba lalao intsony ilay izy. Mangina ny tanàna raha vao tonga ny alina satria tsy afaka manao na inona na inona intsony ny olona fa maizina noho ireo jiro mandeha amin'ny herin'aratra fanazavana ny lalana sy ny any an-tokantrano tapaka. Tsy mba hoe ambanivohitra akory fa tanàn-dehibe no itrangan'izany Ramala. Anisan'ireo ny tanàna iray somary ao avarabaratra atsinanana ao, toy izany koa ny tanàna iray ao amorontsiraka atsinanana ao. Tany amin'ity farany, ohatra, dia misy an'izany hoe adiny efatra amby roapolo ora tapaka foana izany ny herin'aratra ! Efa alina maromaro no niainan'ny mponina izany tao amin'io tanàna io. Vokatr'izany dia nidina an-dalambe nanao hetsika nanehoany ny tsy fahafaliany izy ireo. Efa nahitana tranga toy izany koa tany amin'iry tanàna iray somary ao avarabaratra atsinanana voalaza tery aloha iry Ramala. Ankoatr'ireo, misy tanàna iray hafa koa ao amorontsiraka avarabaratra andrefana ao miaina io fahatapahan-jiro sy herinaratra lava io efa herinandro maro izao. Fa hono ho aho Ramala, f'angaha moa ireo mponina amin'ireo tanàna voalaza tapaka jiro lava ireo tsy mba nahazo anjara tamin'ilay jiro nozarazarain'ny tany an-dapa nantsoina hoe " hazavana ho anao " io ? Ity farany dia fampanantenana natao raha hoe lany, izay nentina nandresena lahatra ny olona tamin'ny fifidianana tamin'ny taon-dasa iny. Sa ve natao ho an'ny mponina eto antanànantsika ihany izy io Ramala ? Efa maro tokoa aloha ny olona nahazo izany teto an-tanàna teto na dia mbola misy ihany aza ireo nisoratra anarana mbola tsy nahazo hatramin' izao. F'angaha izay ihany, toa hoe misy tandapa iray mihitsy tendrena hiaindraikitra momba ity fanomezana hazavana ho an'ny mponina sy ny tanàna ity manomboka izao, sa mbola tsy voatendry izy io Ramala ? Olana eo amin'ny famatsiana solika ihany ve Ramala sa olana eo amin'ny famatsiana arabola koa no mahatonga izany rehetra izany ? Efa lava izay Ramala f'aleo faranana eo aloha ny androany, amin'ny manaraka indray.

## Ragasy

Jirama

# Efa miverina amin'ny laoniny tsikelikely ny famatsiana herinaratra

Toerana maromaro no nisedra olana noho ny fahatapatapahan-jiro tato ho ato. Toamasina, Mahajanga, Antsohihy, Antsiranana, Tsiroanomandidy sy ny maro hafa. Fahataran' ny famatsiana solika no antony voalaza mahatonga izany fihatoan'ny famokarana herinaratra izany araka ny fanazavan'ny Jirama. Nisy ny ezaka nataon'ny minisiteran'ny angovo sy ny Akoranafo tamin'ny fikaroham-bahaolana satria mahatsapa ny maha zava-dehibe ny fahazoan'ny olona herinaratra izy ireo. Noho izany, efa miverina tsikelikely amin'ny laoniny ny famokarana sy famatsiana herinaratra amin'ireo faritra izay niharan'ny fahatapahana ireo. Misy ireo vahaolana fohy ezaka ary misy koa ny lavitr'ezaka raha tsy hitanisa afa tsy ny fanatanterahana ireo tetik'asa fametrahana tobim-pamokarana herinaratra azo avy amin'ny masoandro manerana ny Nosy. Herinaratra 50MW no ho vokarina ho an'ny Distrika 47 ka izany Tetik'asa izany dia vatsian'ny Fanjakana malagasy vola. Kaontenera 25 mitondra ireo fitaovana hananganana ireo fotodrafitrasa ireo no efa ao Toamasina, 145 kosa mbola an-dalana ambony sambo hihazo an'i Madagasikara.

**Nath**

Famokarana bodofotsy - Somacou

# Nidina hatrany amin'ny 120 000 raha 1,5 tapitrisa taloha

*Ampiasa angovo azo avy amin'ny masoandro ny Somacou manomboka izao.*



Afaka manitatra ny seha-pihariany ny Somacou noho ny fahafahany mamokatra angovo azo havaozina avy amin'ny masoandro. (sary : Kelly R.)

Taloha, nahatratra 1,5 tapitrisa ny bodofotsy novokarin'ny Somacou saingy nihena hatrany amin'ny 120 000 izany ankehitriny. Antony voalohany mahatonga izany ny tsenan'ny fifaninanana indrindra ny fitobaky ny vokatra avy any Sina izay sady mora ka takatry ny olon-drehetra. Mampiasa olona anjatony anefa ny Somacou sady miezaka hatrany mampivoatra ny fandraharahana eto amintsika. Araka ny fanazavan'i Hanta Rajaonera avy amin'ny fianakaviana Ramanandraibe sy Jean Baptiste Malsch izay mpitantana ny Somacou : « *tao anatin'ny roa taona, nitombo hatrany amin'ny 400 taonina ny fampiasana sy fanjifana ny vovon-dandihazo raha 80 taonina izany taloha. Midika izany fa tena miasa ary mety mbola afaka mampiasa mihoatra an'izay aza izahay mba hampiroboroboana ny faritra atsimon'ny Nosy iny. 50 taona izay no nisian'ny Somacou ary nandalo karazana sedra izahay saingy mbola eto foana. Maro ny olana saingy mitohy ny fivoarana ary miezaka manova ny tolotra ihany koa ho amin'ny fahafahampon'ny olona. Anin'izany ny famokarana kofehy sy ireo kojakoja ilaina amin'ny fiainana andavanandro toy ny serviette sy ny maro hafa. Tsy mijanona eto ihany koa fa mihitatra any ampitandranomasina ny vokatra amidinay.* »

**Angovo avy amin'ny masoandro**

Notokanana tamin'ny fomba ofisialy omaly ny toerana famokarana angovo azo avy amin'ny masoandro izay namboarin'ny Somacou. Mipetraka ambony tafo mirefy 1800m2 izany fotodrafitrasa izay efa niasa nanomboka tamin'ny volana febroary izany. Famatsiambola be no nataon'izy ireo ary antenaina ny hahazoana tombontsoa. Tanjona mantsy ny hanome lanja indray ity lalam-pihariana vovon-dandihazo ity. Taloha mantsy ny ankamaroan'ny akora fototra mbola afarana avokoa. Raha ara-toekarena, tsy afaka misitraka ny tombontsoa isika na hita eto amintsika aza ny toeram-pambolena ny akora fototra. Tanjon'ny Somacou ny hamorona orinasa feno ka ny zavatra ampiasaina rehetra ao anatiny 100 isanjato malagasy avokoa. Vokatry ny fampiasana io angovo azo havaozina io izay hahafahana mampiasa hatrany amin'ny 40 isanjato ny angovo azo havaozina avy amin'ny masoandro, azo antoka fa hihena ny fandaniana. Mbola mikasa ny hamokatra angovo azo avy amin'ny rano koa izy ireo aoriana kely ao amin'ny fametrahana barazy ka hahaleo tena tanteraka no vina. « *Amin'izao fotoana izao, hanomboka itrandraka 100 isanjato ny vovondandihazo izahay mba hisitrahan' ny malagasy ny tombontsoa rehetra. Vita eto anivon'ny Somacou daholo mantsy na ny fanodinana kofehy, ny fanjairana, fanakambanana, fandokoana, hatramin'ny asa farany kely indrindra. Raha maniry hamokatra 1 kg kofehy, omena 1 dolara izahay hanodinana izany vovondandihazo izany. Ny 40 isanjaton'ny fandaniana anefa lany amin'ny angovo avokoa. Kelikely kokoa ny fandaniana raha ahodina eto Madagasikaza izy io noho ny manondrana akora fototra ary averina eto indray avy eo.* » hoy hatrany ireo tomponandraikitra. Tsiahivina fa anisan'ny orinasa miankina sy mampiasa herinaratra ny Somacou ary miasa andro aman'alina mihitsy. Manodidina ny 2 taonina isan'andro mantsy ny akora fototra ilain'izy ireo hahafahana mamokatra bofodotsy.

**Manohana ny fanjakana**

Faniriana hoy kosa ny minisitry ny angovo sy ny akoranafo Jean-Baptiste Olivier ny hahafahan'ny orinasa mamokatra angovo ho ampiasaina. Manan-danja be ny fandaniana amin'ny herinaratra amin'ny orinasa toy izao. Efa samy te hahaleo tena ny orinasa indrindra amin'ny fihitaran'ny asa na eto amin'ny tsena anatiny na ivelany. Ao anatin'ny politikan-tsika rahateo izay fampiasana angovo azo havaozina toy izao ary manohana azy ireo ny fanjakana. Mbola tsy ampy ny famokarana herinaratra ka izay no antony hanohanana ireo tetikasa marobe mpamokatra angovo azo havaozina. Betsaka ireo taratasy fangatahana ary tsy mitsipaka izany mihitsy ny minisitera.

Nath

Kaominina Ivato

# Fotodrafitrasa maro manamora ny fiainan'ny mponina notokanana

Tontosa omaly teny Ivato ny fitokanana ireo fotodrafitrasa maro natao hanamorana ny fiainan'ny mponina. Anisan'izany ny lalam-be sy lalan-kely izay manamora ny fivezivezen'ny mponina any anaty elakelan-trano. Teo ihany koa ny tetezana hahafahan'ny mponina miampita izay tetezan-kazo teo aloha no navadika ho béton. Nilaza ny ben'ny Tanànan'ny kaominina Ivato Penjy Randrianarisoa fa "*hatreny an-tanimbary ny fanamboaran-dalana mba ho azon'ny olona sy ny entana hivezivezena. Tsy fokontany iray ihany koa no afaka misitraka izany fa fokontany maromaro ao amin'ny kaominina Ivato no afaka mifandray taorian'ny fahavitan'izao fotodrafitrasa izao. Avy amin'ny ezaky ny kaominina niaraka tamin'ireo mpiaramiombon'antoka eto antanàna no nahafahana nanatanteraka ny asa fanatsarana sy fampandrosoana ny tanàna. Tamberin'andraikitra ho an'ny vahoaka ny fanaovana fotodrafitrasa iombonana toy izao mba hilazana fa misy vidiny ny hetra ataon'izy ireo fa tsy very maina na lasa amin'ny zavatra hafa.*" Mba hahafahan'ny mponina miala voly, nohavaozina ihany koa ny Tranompokonolona etsy amin'ny fokontany Ankadindravola. Sady endriky ny tanana no mampamiratra ny toerana ary ho fanajana ireo mpampiasa azy no nanatsarana izany toerana izany. Tombony indrindra ho an'ireo manana lanonana toy ny mariazy sy fisoratam-panambadiana ihany koa anefa. Tsy ho latsa-danja amin'izany koa anefa ireo fiangonana izay mampiasa ny toerana ary ireo tanora manao fanatanjahantena. Tsy diso anjara tamin'ny fizarana kara-tany izay tetikasan'ny filoha ihany koa ho an'ny mponin'Ivato satria an'arivony no nozaraina omaly. Torak'izay ihany koa ny fametrahana jiro hanazavana ny tanàna sy entina miady amin'ny tsy fandriampahalemana izay manomboka mahazo vahana saika manerana an'Antananarivo sy ny manodidina. Marobe ireo olom-panjakana ambony tonga nanotrona izany fitokanana teny amin'ny kaominina Ivato izany.



Tamberin'andraikitra ho an'ny mponin'Ivato ny fahavitan'ireto fotodrafitrasa ireto.

Nath

Star

# Mandray anjara amin'ny fikajiana ny tontolo iainana

Orinasa tomponandraikitra ny Star ka tsy tara mihitsy izy ireo isan-taona manokana fotoana hanamaitsoana an'i Madagasikara. Nisy ezaka manokana nataon'izy ireo tamin'ny fanaovana tanimbolin-janakazo izay nataon' ny Malto ka nahafahana nikolokolo zanakazo an'arivony. Afaka nampiasaina tamin'ity fotoam-pambolen-kazo ity ireo zanakazo novolena ireo. Tamin'ity taona 2024 ity, zanakazo 20 000 isa no naparitaka manerana ny ozinina Star manerana ny Nosy. Fantatra ary fa 12 500 no novolena tany Ambatolampy, 6 000 tany Andranovelona. Niaranientana namboly hazo ny masoivoho sy ny lojistika ary ny ozinina izay famokarana labiera sy Malto. Tsy nijanona tamin'izay ihany fa betsaka tamin'ireo mpiasa no nangataka amboly zanakazo any amin'ny toerana misy azy ireo. Zanakazo 3 500 no nozaraina tamin' ireo mpiasa teo anatrehan' izany ary samy nikarakara ny andro fambolen-kazo niaraka tamin'ny fianakaviany sy akaiky azy ireo rehetra izay nahazo. Tanjon'ny minisiteran'ny tontolo iainana sy fandrosoana lovain-jafy ny hanitarana ny fambolenkazo an-tanan-dehibe ka tafiditra tsara ao anatin'ny vina izany fanomezana zanakazo ho an'ny mpiasa izany. Ankoatra izay, ho fanohizana ny fiarahamiasan'ny STAR amin'ireo tantsaha mpiara- miombon' antoka aminy dia nizarana hazo fihinam-boa miisa 120.000 ihany koa izy ireo hanairana izany hetsika izany ho tombontsoan'ny tontolo iainana. Manamafy indray ny fahavononany hiaro ny tontolo iainana hatrany ny STAR. Ary tafiditra ao anatin'ny andraikitra RSE izay ataony ny fitsinjovana ny tontolo iainan'ny fiaraha-monina iarahany miaina.




Samy nandray andraikitra hikajiana ny tontolo iainana ny mpiaramiasa ao amin'ny Star rehetra.

Nath

Olana amin'ny herinaratra

# Mamaha olana ireo mpamatsy vola




**Ireo mpitantanana eo anivon'ny Baobab banque sy Baobab+.**

Mavesatra ny fiantraikan'ny delestazy eo amin'ny fiainan'ny mponina andavanandro sy ny tontolon'ny fandraharahana amin'ny ankapobeny. Namolavola tolotra vaovao ho an'ireo tokantrano sy mpandraharaha madinika ny Baobab Banque sy ny Baobab+. Nampahafantarina omaly teny Antaninarenina ny « Baobab Energy Solution » iarahan'ny roa tonta miasa. « *Mampihena ny vola miditra any amin'ireo mpandraharaha ny fisian'ny delestazy. Torak'izany koa ny harina fandrejitra, izay sady mandripaka ala koa. Ity tolotra ity dia manamora ny fahafahan'ireo tokantrano na mpandraharaha misitraka ireo fitaovan'ny Baobab+, dia ireo fitaovana mandeha amin'ny herin'ny masoandro toy ny vata fampangatsiahana azo ampiasaina 5 andro tsy misy herinaratra, sns. Ireo fitaovana ireo dia hahafana'ireo mpandraharaha mampiakatra tombom-barotra.* », hoy Ranarijesy Joël, tomponandraikitra eo anibon'ny Baobab banque. Ireo fitaovana anaovana findramam-bola ihany no hatao antoka fa tsy misy antoka hafa takiana. Ao anatin'ny 1 ka hatramin'ny 24 volana no hamerenana ny vola. Hita any amin'ireo masoivoho 36 an'ity banky ity manerana ny Nosy ny tolotra, ary vinavinaina hahakasika olona maherin'ny 75 000. Efa tamin'ny taona 2016 no nisian'ny Baobab+, izay miasa amin'ny fanaparitahana ireo fitaovana mandeha amin'ny herin'ny masoandro sy fitaovam-pifandraisana avo lenta.

**R. Muray**

" Tsenaben'ny fizahantany "

# Mampahafantatra ireo toerana vaovao azo tsidihina

*Mandray anjara mavitrika ireo ofisim-paritry ny fizahantany enina manerana ny Nosy.*




**Ireo manam-pahefana nanao ny fitsidihana ofisialy teny an-toerana.**

Nosokafana tamin'ny fomba ofisialy omaly, tao amin'ny zaridainan'Antaniarenina, ny « Tsenaben'ny fizahantany », andiany fahafito. Tsy hifarana raha tsy rahampitso alahady ity hetsika karakarain'ny Ofisim-pirenena misahana ny fizahantany eto Madagasikara, na ny ONTM, ity miaraka amin'ny Minisiteran'ny Fizahantany sy ny Asa Tanana. Ankoatra ireo mpandray anjara maherin'ny 20, dia manatevin-daharana ihany koa ireo ofisim-paritry ny Fizahantany enina manerana ny Nosy, ary manana andraikitra hampahafantatra ireo toeram-pizahantany any aminy, indrindra fa ireo toerana vaovao azo tsidihana. « *Rehefa nanao ny fitetezana ireo trano eva izahay dia maro amin'izy ireo no nampahafantatra toerana vaovao azo tsidihana any aminy, izay natokana indrindra ho an'ny fizahantany anatiny. Nahitana toerana vaovao ohatra ny any Tolagnaro, Toliara, ary Antsiranana. Anisan'ny antony nametrahana ny « Tsenaben'ny fizahantany tany am-boalohany rahateo ny fanomezana tolotra ho an'ny Malagasy amin'ny sarany mirary. Tafiditra tanteraka ao anatin'ny politikan'ny minisitera amin'ny fanomezana fahafahana ny Malagasy hisitraka fizahantany anatiny izany. Tsapa fa nisy fivoarana ny filàn'ny Malagasy manao fizahantany, ka mivoatra manaraka izany koa ny tolotra omen'ireo mpandraharaha.* », hoy ny tale jeneraralin'ny fizahantany, Andriamanohera Tsitohaina.

**2 tapitrisa**

Raha ny tombatombana nataon'ny teo anivon'ny minisitera dia Malagasy eo amin'ny 2 tapitrisa eo no mahavita manao fizahantany. Mahavelom-bolo ny antontanisa azo tamin'ny taona 2023, satria niakatra 63 897 ireo Malagasy nitsidika valanjavaboary raha teo amin'ny 12 018 io isa io tamin'ny taona 2020. Mbola mipetraka ho sakana amin'ny fizahantany anatiny ny tsy fahafantarana ny tolotra misy raha ny nambaran'ny talen'ny kabinetran'ny minisitera, Rasoanaivo Diana, ka efa ezahina voizina ankehitriny ny fijanonjanona amin'ny toerana samihafa rehefa manao fizahantany. Maro ireo tolotra fizahantany hita ao amin'ny « Tsenaben'ny fizahantany », izay ravahana fanentana sy fifaninana maro samihafa, indrindra fa eo amin'ny lafiny fandrahoan-tsakafo.

**R. Muray**

Ketrik'andro

# Tetikasa hiadina amin'ny fiovaovan'ny toetr'andro



**Manentana ny ankizy hamboly hazo ny ONG Lémurien.**

Ao anatin'ny tetikasa hiadina amin'ny fiovaovan'ny toetr'andro. Miezaka manala ny olona tsikelikely amin'ny fampiasana saribao, solika, gaz, sns izay voasokajy ho mpanimba ny tontolo iainana ny ONG lémurien tarihin'Atoa Randrianarison Henri Vonjisoa Tsaoka amin'izao. Tafiditra ao anatin'izany ny tetezamita ekolojika, hanentanana ny olona amin'ny fambolen-kazo. Mankalaza ny faha-30 taona nijoroany amin'ity moa ny ONG lémurien ka efa nosantariny tamin'ny fambolen-kazo acacia 1000 fototra sy hazo fihinamboa 50 fototra tany Imerinkanjaka ny 29 febroary teo izany. Nomarihin'Atoa Randrianarison Henri Vonjisoa Tsaoka anefa, fa fampiasana ny ketrik'andro na « énérgie renouvelable » no paikady akaiky indrindra enti-miady amin'ny fiovaovan'ny toetr'andro. Eo ihany koa ny fanofanan ny ankizy sy ny tanora hahay hikaroka amin'ny fiarovana ny zava-manan'aina.

**Nangonin'i Niry R.**

Zava-maniry fanao fanafody eto madagasikara

# Miha lany tamingana, hoy ny filohan'ny ANTM

Omaly zoma 15 martsa no nanatanteraka ny fambolenkazo toy ny efa fanaony isantaona ny Fikambanampirenen'ny Mpitsabo Nentimpaharazana eto Madagasikara na ny ANTM. Zavamaniry fanao fanafody no novolen'izy ireo teny Ankazomalaza Ambohimanga Rova tamin'izany. Nomarihin'Atoa Andriandrainarivo Josephin Rasamivelona, nandritra ny fotoana, fa hazo fanao fanafody nentim-paharazana, anatin'izany ireo lany tamingana na ny tokana aman-tany no tena nimasoan'izy ireo nambolena omaly. Satria "*noho ny doro tanety sy ny fanimbazimbana ny tontolo iainana izay iarahantsika miaina izao, dia manomboka ringana izy ireny*" araka ny fanazavany. Mbola nanentana ireo mpikambana rehetra ao anatin'ny ANTM na ny eto Analamanga na ny any amin'ny faritra rehetra manerana ny Nosy mba hamboly hazo tahaka izay nataon'izy ireo omaly ny filohan'ny ANTM. Notsiahivin'Atoa Josephin Andriandrainarivo fa ao anatin'ny sata mifehy ny fikambanan'izy ireo ny atao hoe : zaridaina bôtanika na toeram-pambolena zavamaniry fanao fanafody nentimpaharazana, ahafahana mandeha ihany koa amin'ny fampiasana azy amin'ny fiainana andavan'andro na ny lafiny fikarohana izay iarahana miasa amin'ireo sehatra mifanandrify amin'izany. Nirary soa ny mba hahavory hasina ny tanintsika eto madagasikara amin'ny alalan'ny fambolen-kazo toy ny teny Ambohimnga sy manerana an'i Madagasikara moa ity farany.



**Nandritra ny fambolena zana-kazo fanao fanafody notarihin'ny filohan'ny ANTM teny Ankazomalaza, Ambohimanga Rova, omaly.**

**Niry R.**

# Teny rehetra teny



Tontosa teny amin'ny Kianja Barea Mahamasina omaly ny famindram-pibaikoana teo amin'ny Lehiben'ny Etamazaoron'ny Tafika Malagasy (CEMA) vaovao, ny Jly Deramasimanjaka Rakotoarivelo Manantsoa.



Tonga nanome voninahitra ny lanonana ny Praiminisitra Lehiben'ny Governemanta, Ntsay Christian.



Nararaky ny mpiasan'ny SMA teny amin'ny Arabe ny fako, omaly.



Niditra an-tsehatra nanala ireo sakana teny an-toerana ny mpitandro filaminana sy ny polisy monisipaly.




Nikarakara sehatra ifanakalozana mba hampanjakana ny demokrasia sy nampahafantarina ireo pitsopitsony amin'ny fifidianana solombavambahoaka.



Ankoatra ireo Filohan'ny Andrim-panjakana sy ireo mpikambana eo anivon'ny governemanta dia tazana nanatrika izany ihany koa ny mpanohitra.

## Sarisary zary tenany

*Mi-tss-tssh*




## Hatsikana an-tsary

*Izay lava*




## Masoandro Miposaka


**Genesisy 26 : 24**

Ary Jehovah niseho taminy tamin'iny alina iny ka nanao hoe: Izaho no Andriamanitr'i Abrahama rainao; aza matahotra, fa momba anao Aho ka hitahy anao sy hahamaro ny taranakao noho ny amin'i Abrahama mpanompoko.

## Indray mipika




Nanatontosa ny pejy
Nil : Tel: 033 07 465 05




## Ohabolana



**Aoka ho simba raha bongo ravan-tompony.**

Si une cabane est détruite par son propriétaire lui-même, laissez-la tomber en ruines.

## Sudoku

Fenoy isa 1 hatramin'ny 9 ny banga. Aoka tsy hiverina ny isa isaky ny andalana na ao anaty faritra efajoro.

Laharana **3198**

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 4 | | | | 9 | | 5 | | |
| | 9 | | 2 | | | 6 | | |
| | 6 | | 1 | 3 | | 7 | | |
| 1 | 2 | | | 6 | | | | 8 |
| 3 | | | 7 | | 8 | | | 6 |
| 6 | | | | 5 | | | 7 | 3 |
| | | 8 | | 4 | 6 | | 1 | |
| | | 6 | | | 9 | | 4 | |
| | | 3 | | 7 | | | | 2 |

Valin'ny laharana **3197**

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 8 | 5 | 7 | 3 | 6 | 1 | 9 | 2 | 4 |
| 9 | 6 | 4 | 8 | 5 | 2 | 7 | 3 | 1 |
| 2 | 1 | 3 | 4 | 9 | 7 | 8 | 5 | 6 |
| 6 | 9 | 1 | 5 | 7 | 3 | 4 | 8 | 2 |
| 3 | 8 | 2 | 6 | 4 | 9 | 1 | 7 | 5 |
| 7 | 4 | 5 | 1 | 2 | 8 | 6 | 9 | 3 |
| 1 | 7 | 8 | 2 | 3 | 4 | 5 | 6 | 9 |
| 5 | 3 | 9 | 7 | 1 | 6 | 2 | 4 | 8 |
| 4 | 2 | 6 | 9 | 8 | 5 | 3 | 1 | 7 |

**HOTSAKOTSAKOINA**

"Tsy voatery ho manambady na manana namana iarahana vao hahatsiaro ho sambatra, fa andeha tadiavo sy katsaho miaraka amin'ny Tomponao ny fifalianao. "
Ny Vetso (09.1O.16)
("Tu n'as pas forcément besoin d'être en couple pour être heureux (se). Trouve ton bonheur en Dieu, le reste suivra.")

Jeneraly Deramasimanjaka Manantsoa(CEMA)

# Nandray ny fibaikoana ny Tafika malagasy



Lanonana fifamindram-pibaikoana.

Nandray ny fibaikoana ny lehiben'ny Etamazaoron'ireo Tafika,ny Jeneraly Deramasimanjaka Manantsoa.Lanonana ara-miaramila miavaka no notontosaina tetsy amin'ny Kianjan'ny Barea,omaly. Tonga nanome voninahitra an'ity lanonana famindrana fibaikoana ity ny Praiminisitra Lehiben'ny Governemanta. Raha tsiahivia dia ny 28 febroary 2024 lasa teo, araka ny nandritry ny filankevitry ny minisitra no nanendrena ny lehiben'ny Etamazaoron'ireo Tafika , nisolo ny toeran'ny Jeneraly Sahivelo Lala Monja Délphin izay notendrena ho Minisitry ny Foloalindahy ankehitriny. Manana anjara toerana lehibe ny fipetrahan'ny fibaikoana toy izao,indrindra fa ho an'ny Tafika Malagasy. Tafiditra amin'izany ny fitandroana ny fandriam-pahalemana. Tanjona hapetraka ny mba hanakaiky vahoaka ary hamita ny iraka izay hampiandraiketina azy ireo, hoy ny Praiminisitra Ntsay Christian, Lehiben'ny Governemanta. Naneho ny fahavononany ho an'ny Tanindrazana ny lehiben'ny Etamazaoro vaovao. Taorian'izay dia nofaranana tamin'ny matso, ny lanonana nandraisan'anjaran'ireo antoko-tafika telo manerana ny Nosy (an-tanety, an'habakabaka, an-dranomasina) ary koa ireo sekoly miaramila.Marihina fa zavadehibe ny fibaikoana eo amin'ny sata miaramila.

**Deyland**


**Gazetiko**

Novokarina sy natontan'i MIDI MADAGASIKARA S.A.
Sosaiety tsy anavahana anarana manana renivola Ar 37 452 000

**Tale jeneraly :** Jeremy RABESAHALA
**Talen'ny Fanoratana :** Lucien RAHARISON 034 34 697 06
**Talen'ny Famoahana sady Tonian'ny Fanoratana :** Herivonjy RAJAONAH 034 34 697 10
**Birao sy fandraharahana :** Lalana Ravoninahitriniarivo
**B.P.** 1414 - Antananarivo
**Tél :** 038 34 344 34
**Fax.** 22 273 51
e-mail : midigazetikom@gmail.com
**D.L.I :** 16 590 - 03 - 24
Isan'ny natonta : 25 000


**Nahandro**

## Akoho nahandro karana

Zavatra ilaina : akoho 1, tongolo be 2, yaourts natiora 2, tongolo gasy 6, dibera 20g, curry 1 sotro kely, kanelina 1, hani-maitso isan-karazany, tamotamo 1 sotro kely, sira sy dipoavatra, menaka.

Hafanao ny dibera anaty vilany dia asio menaka kely koa. Arotsahy ao ny tongolo gasy, tongolo be voavaofy sy notetehina dia endaso. Arotsahy ao ny akoho izay nesorina ny hodiny. Kapohy ny yaourt miaraka amin'ireo dia asio curry sy sira ka araraho eo amboni'ny akoho. Masaho tsara. Etsy ankilany afangaroy ny kanelina, ny tamotamo sy sakay kely raha tianao dia potsero tsara. Arotsahy mafana ny akoho ka araraho ery ambony saosy. Hanina amin' ny vary no tena tsara na koa "couscous".

## MANAMPY ANAO

**Permanences**
**16 mars au 22 mars 2024**

PHARMACIE DE GARDE

**ANTANANARIVO 24H/24H et 7j/7**

- 67HA - face Eglise Luthérienne - 020 22 253 61
- VOLAHANTA - Anosibe près du rond point vers Soanierana - 020 22 355 09/034 24 334 86
- NANISANA - Nanisana Iadiambola arret bus sapin 032 03 520 29/034 05 750 29
- AMBANIDIA - 020 22 255 50/033 05 255 50
- MAHAVOKY - Andravoahangy 020 22 255 51/ 034 89 056 09
- IARIVO - Analakely en face Institut d'hygiène sociale 020 22 224 26/020 22 699 19/034 16 326 06

**PÉRIPHÉRIE d'ANTANANARIVO 24H/24H et 7j/7**

Andoharanofotsy - 032 05 479 84 / 034 20 479 84
Grazia - Itaosy- 034 67 733 62
Anosizato - 020 22 631 43
Ambohibao - 020 22 482 64
Avaradrano - Analamahitsy- 020 22 423 65
Amboditsiry - 020 22 528 21 - 033 01 551 31 - 034 36 580 94
Soleil - Andrononobe - 034 20 356 51
Hasin'ny Aina - Mandroseza- 034 99 776 21
Ivato - 020 22 442 95
Ambohidratrimo - 034 29 358 45
Jade - près Horizon Ivato - 034 87 340 94
Sabotsy Namehana - 034 88 001 03
Amboara - Anosiala - 034 52 610 64
Ambohimahitsy - 034 33 304 17 / 034 95 882 30
Ambohimangakely - 034 25 372 52
Fenoarivo - Fenoarivo Alakamisy- 034 33 161 75
Fitiavana - Ankadikely - 020 22 436 33
Amoronakona By Pass - 034 36 115 15
Palais - Mandrimena Iavoloha - 032 42 713 67
Ankadindratombo - 032 82 588 02/034 02 588 02
By Pass Alasora - 032 12 525 25 / 034 98 525 25
Abondance - Ifarihy Ankaraobato - 034 75 214 36
S Namehana - Sabotsy Namehana - 034 81 689 47
Mitondrasoa - Fenoarivo - 034 01 707 07
Bongatsara - Bongatsara Iavoloha - 034 07 742 23
La Colombe - Itaosy - 034 60 396 61 / 033 64 280 42
Soa Ny Aina -Tsarahonenana - 034 31 018 20
MA Pharmacie - Ambohijanaka - 032 11 102 11
Ankaraobato en face CSBII - 034 64 330 62

**A.M.I.T.**

BEHORIRIKA TEL 22 303 83 / 22 383 52
ANTANIMENA TEL 22 303 86
TALATAMATY TEL 22 588 51
ANKADIMBAHOAKA TEL 24 819 81

**AMBULANCE**

- SERVICE DES URGENCES MPITSABO MIKAMBANA TEL: 0349023555 / 0334823555
- AMBULANCE MUNICIPALE TEL 22 200 40 / 033 65 333 22 / 033 65 444 22 / 033 65 555 22
- AMBULANCE POLYCLINIQUE D'ILAFY 24/24 TEL 22 425 66 / 22 425 69 / 22 425 73
- MEVA MEDICALE SERVICE TEL 033 11 195 33 / 032 04 922 69
- CDU (Centre de diagnostique et d'urgence médical) TEL 22 329 56/ 032 07 822 28/ 033 11 822 28
- AMBULANCE CLINIQUE DE TANJOMBATO TEL 033 11 313 85
- MATERNITE MARIES STOPES AVADOHA TEL 22 418 36 / 032 07 418 36 / 033 11 094 11
- CENTRE MEDICAL ANDRINDRA MIANDRARIVO AMBANIDIA (MANAKAMBAHINY) TEL 020 26 057 94 / 03316 057 94/ 034 20 057 94 (24h/24)
- CARE & MEDICAL ASSISTANCE HOSPITAL - 22 200 32 / 034 40 389 05 / 033 12 836 60 / 033 15 836 60
- AMBULANCE ET URGENCE CRTM-01 - 034 01 015 55 / 032 07 255 52

## TELEVIZIONA

**MA TV MADAGASCAR**

**SAMEDI 16 MARS 2024**
06.00 : Oran'ny fanantenana
06.35 : Salama va
07.30 : Mahandro ®
08.00 : Dessins animés
09.00 : Film Jeunesse
11.00 : FAM
12.00 : Météo
12.05 : A Votre Santé
13.30 : Série ®
13.45 : Film Comédie
15.45 : Ny Vehivavy
16.30 : Ny hery tsy mahaleo ny Fanahy
17.30 : Art Culinaire avec chef Dino
18.00 : Reportage : Chine-Afrique
18.15 : Fandaharana manokana
18.50 : M/car à l'heure du conservatoire
19.00 : Les infos de Ma-TV
19.30 : NY VAOVAON'NY Ma-TV
20.15 : Ankarihary
21.00 : Film Action
23.00 : JOURNAL INTERNATIONAL
23.45 : Film Dramatique
01.30 : Documentaire
03.00 : Film Aventure
05.00 : Antsam-piderana

**DIMANCHE 17 MARS 2024**
06.00 : Amboarampamonjena
07.00 : Les olivers/SEDERA
07.25 : Feon'ny Pentekosta
08.00 : Kristy mandamina
08.35 : Oran'ny fanantenana
09.00 : Rhefi
09.45 : FJKM
10.45 : FAM ®
12.00 : METEO
12.05 : Vaovao antsira
12.30 : SPECIAL LIVE
13.50 : Série ®
15.20 : Film Comédie
17.30 : Ao anatin'ny rano no misy ny hery
18.00 : Divertissement
18.45 : M/car à l'heure du conservatoire
19.30 : Mahery
20.30 : Film Dramatique
23.00 : JOURNAL INTERNATIONAL
23.45 : Film Action
01.30 : Magazine
03.00 : Film Romantique
04.45 : Mahafinaritra
06.00 : Oran'ny fanantenana

***********

**K**

**SAMEDI 16 MARS 2024**
06.15 : Racines d'Afrique
06.30 : So COOL
08.45 : Mozika
10.00 : Shopping TV
10.30 : Série
12.00 : Culte
13.00 : Animé
14.10 : K-Pop
16.05 : Mozika
17.00 : Smiling Time
17.40 : Zik Zag
18.30 : Tables de Mada
19.15 : Break
19.25 : Le Journal
20.00 : Ny Vaovao
20.50 : Soirée Nouveauté Ciné
23.00 : Ny Vaovao ®
23.50 : Cinéma
02.00 : Bonne Nuit avec KOLO TV

**DIMANCHE 17 MARS 2024**
06.30 : Tables de Mada ®
07.00 : Smiling Time
08.50 : Zik Zag ®
09.20 : Docus
10.00 : Cinéma
12.00 : Mecamag
13.00 : L'intégrale
14.00 : Cinéma
16.00 : Passion d'Ados
16.15 : Jv News
17.00 : HAVOTAFO
19.00 : Alalino
19.25 : Vanitika
20.00 : Ny Vaovao
20.25 : Le Journal de l'économie
20.50 : Cinéma
22.40 : 7 Jours sur la planète
23.00 : Ny Vaovao ®
23.50 : Cinéma
02.00 : Bonne Nuit avec KOLO TV

**RECORD TV**

**SAMEDI 16 MARS 2024**
05.30 : RÉVEIL DE LA FOI
06.00 : JOURNAL ®
06.30 : D A / DIVER
09.00 : TOI MON AMOUR ®
12.50 : HIRANTSIKA
14.00 : DOCUMENTAIRE : MAGAZINE
14.25 : ASINTADO ®
19.45 : DIVERTISSEMENT
20.00 : ALEO RESAHANA
21.00 : PAROLE DE VIE
22.00 : FILM

**DIMANCHE 17 MARS 2024**
05.30 : HIRA FIDERANA
07.00 : FILM
08.36 : DESSINS ANIMES
09.36 : DIVERTISSEMENT
11.00 : DESSINS ANIMES
13.00 : HIRANTSIKA
13.30 : ALEO RESAHANA ®
14.30 : DIVERTISSEMENT
16.00 : FILM PARLE MADAGSCAR
19.30 : HIRA FIDERANA ®
21.00 : DIVERTISSEMENT
22.00 : FILM

*************

## TELEFAONINA ILAINA

**HOPITAUX ET CLINIQUES**

- CLINIQUE MPITSABO MIKAMBANA 24/24 ROUTE DE L'UNIVERSITE AMPASANIMALO TEL: 034 90 235 55 / 033 48 235 55
- CLINIQUE REINE MARIE- 4 RUE JOSEPH RAMANANDRAIBE - IMMEUBLE RALISON -ANTANIMENA - OUVERTURE 24h/24 Tél. : 034 20 239 72
- CENTRE HOSPITALIER DE SOAVINANDRIANA (HOMI) EX-GIRARD ET ROBIC TEL 23 397 51
- HOPITAL JOSEPH RAVOAHANGY ANDRIANAVALONA (HJRA) TEL 033 11 890 58 / 22 279 79
- HOPITAL JOSEPH RASETA BEFELATANANA TEL 22 223 84
- CLINIQUE MEDICO-CHIRURGICALE IMAHO ANALAMAHITSY TEL 034 01 651 99 / 033 03 875 61 / 032 04 680 06
- CLINIQUE MEDICO-CHIRURGICAL ST PAUL AMBATOROKA TEL 034 71 394 95 / 034 45 076 23 - MEDICAL SERVICE CLINIQUE MEDICO-DENTAIRE LOT IVR 20 ANTANIMENA (24/24) TEL 22 641 93
- CROIX BLEU DE MADAGASCAR SIEGE ANTANINANDRO - PROBLEME D'ALCOOLISME ET DE TOXICOMANIE TEL/FAX 22 324 59 / 22 634 62 / 033 11 442 77 / 032 07 545 30
- MARIE STOPES INTERNATIONAL MATERNITE CLINIQUE LOT II P 136 BIS AVARADOHA TEL 22 418 36 / 033 11 084 11
- CLINIQUE ET MATERNITE ST FRANCOIS ANKADIFOTSY - TEL 22 235 54
- POLYCLINIQUE D'ILAFY AMBOHITRARAHABA (24/24) TEL 22 425 66 / 22 425 69 / 22 425 73 / 033 11 073 91 / 032 07 243 28 / FAX 22 425 64
- TOBIM-PITSABOANA LOTERANA AMBOHIBAO (HOPITAL LUTHERIENNE) TEL 22 441 88 / 22 485 17 (24/24)
- CENTRE DE SANTE BEHORIRIKA TEL 22 641 28 / 22 603 63 / 033 11 458 48 / 032 07 409 38
- CLINIQUE MEDICO-CHIRURGICALE DE TANJOMBATO - LOT III A 42 - TEL 22 571 94/ 033 11 058 00
- PAVILLON SAINTE FLEUR CENTRE HOSPITALIER UNIVERSITAIRE JOSEPH RAVOAHANGY ANDRIANAVALONA AMPEFILOHA - TEL 22 661 04 / 22 663 93 FAX 22 660 82
- CENTRE DE SANTE SAINT MICHEL ANDRAVOAHANGY TEL 033 16 028 62
- CARREFOUR MEDICAL AMPARIBE (Médecine générale) LOT VH 39 BIS TEL 22 651 59 (7j/7 - 24h/24)
- CENTRE MEDICAL AMBATOMENA (IMMEUBLE SICAM ANALAKELY) TEL: 22 211 70
- CENTRE MEDICAL ANDRINDRA MIANDRARIVO AMBANIDIA (MANAKAMBAHINY) - TEL 020 26 057 94 / 03316 057 94/ 034 20 057 94 (24h/24)
- CENTRE MEDICAL COLISEUM TEL 034 03 847 39 - 032 99 286 69 (7/7 - 24H/24)

**ESPACE MEDICAL / SOS Médecins**

- AMBODIVONA TEL 22 625 66/ 034 02 088 16/ 034 02 00 911

**CARE & MEDICAL ASSISTANCE HOSPITAL**

- IMMEUBLE OSTIE ANOSIBE 1er ETAGE TEL 22 200 32/ 034 40 389 05 / 033 12 836 60 / 033 15 836 60

**AROVY CLINIC**

ATRIUM ANKORONDRANO
Urgences : 032 23 217 17 (24/24 - 7/7)

**POMPIERS**

- TSARALALANA TEL 18 / 118 (Airtel) / 22 390 30 / 033 15 500 86
- AMBOHIMANARINA TEL 033 15 501 76

**POLICE SECOURS - GIR**

- TEL 22 357 09 / 22 357 10 / 117

**COMMISSARIATS**

- 1er ARRONDISSEMENT ANALAKELY TEL 22 280 54
- 2e ARRONDISSEMENT AMBOHIJATOVO TEL 22 309 46
- 3e ARRONDISSEMENT ANTANINANDRO TEL 22 291 30
- 4e ARRONDISSEMENT ISOTRY TEL 22 280 51
- 5e ARRONDISSEMENT MAHAMASINA TEL 22 280 48
- 6e ARRONDISSEMENT AMBOHIMANARINA TEL 22 225 52
- 7e ARRONDISSEMENT 67 HA TEL 22 291 29
- 8e ARRONDISSEMENT ANALAMAHITSY CITE TEL 22 493 25
- POSTE DE POLICE AMPEFILOHA TEL 22 280 46
- POSTE DE POLICE MAHATONY TEL 22 242 22

Basket - " Smatchin 2024 - 10e Edition "

# Nivoaka sempotra ny ekipan'ny IUM sy ny U-MAGIS

*Nandritra ny fihaonan' ny U-MAGIS, tompondaka tamin'ny taondasa, sy ny EMIT avy any Fianarantsoa kosa indray dia lalao fanalavam-potoana indroa misesy no notanterahina.*



Nahomby ny traikefan'ny mpilalaon'ny U-MAGIS.

Fantatra omaly ny ekipa lahy sy vavy, tafita amin'ny dingan' ny lalao manasa-dàlana amin'ny fiadiana ny tompondakan'ny " *Samtchin 2024 ( Tournoi Inter-Institut de Basketball)* " andiany faha-10, izay tanterahina anio eny amin'ny lapan'ny fanatanjahantena sy kolotsaina Mahamasina, ary ny lalao famaranana kosa dia rahampitso alahady. Azo lazaina fa nivoaka sempotra, omaly, nandritra ny lalao ampahefa-dàlana, ny ekipan'ny U-MAGIS, tompondaka lehilahy tamin'ny taon-dasa, sy ny IUM, izay ahitana ny ankamaroan'ireo mpilalao vehivavy, mandrafitra ekipa N1A, nanoloana ny mpifanandrina taminy. Tany amin'ny lalao fanalavampotoana avokoa ireo ekipa anankiroa ireo vao nahazo fahombiazana, teo anatrehan'ny mpifanandrina taminy avy.

**Tsy mena mitahy amin'ny fifaninanana " N1A "**

Lalao famaranana mialoha ny fotoana no natrehina ka tsy mena mitahy amin'ny fifaninanam-pirenena, natokana ho an'ny sokajy "Elite / N1B - N1A " ny endridalao nitranga teny ambony kianja. Teo amin'ny fihaonan'ny IUM sy ny FAC EGS indray dia tamin'ny isa 47 no ho 39 no nisarahan'ny ekipa roa tonta. Nihevitra ny mpijery baolina fa tsy ho olana tamin-dry Chamira (TGBC Betsiboka) / Anyssa sy Men (MB2ALL Analamanga) / Nanah (JEA Vakinankaratra) ny handresy mora foana ny rahavaviny tao amin'ny FAC EGS, izay nahitana an-dry Salohy (ASCUT Atsinanana) / Harena (DUNAMIS Analamanga) / Mandresy (MB2ALL) / Farella (ASCUT – Barea de Madagascar foot). Nifanohitra tamin'izany anefa no nitranga fa nisaraka ady sahala 34 no ho 34 ny ekipa roa tonta, teo amin'ny fanatanterahana ny fe-potoana ara-dàlana. Nandritra ny fihaonan'ny U-MAGIS, tompondaka tamin'ny taon-dasa, sy ny EMIT avy any Fianarantsoa kosa indray dia lalao fanalavam-potoana indroa misesy no notanterahina, izay vao nivoaka nandresy tamin'ny isa 108 no ho 101 ny ekipan'Antananarivo, nahitana an'i Hariliva (Fandrefiala) sy Emmanuel (MBC Atsinanana), nahery vaika tamin'ny tifi-davitra nataony (isa 3), ka nahazoan'ny mpilalaon'i Kevin ny fandresena. Teo amin'ny fanalavampotoana voalohany dia nisaraka 80 no ho 80 ireo mpifanandrina, raha tamin' ny isa 93 no ho 93 kosa ny fanalavam-potoana faharoa. Marihina kosa anefa fa raha nahomby ny "lancé franc" nifanesy, tao anatin'ny segondra vitsy tsy hiravana tamin'ny ampahefa-potona fahefatra, dia lavon'ny mpilalaon'i Lova ny tompondakan'ny "Smatchin 2023", izay fifaninanana natokana ho an'ny mpianatra amin'ny ambaratonga ambony, tantanin'ny fanjakana sy ny olon-tsotra.

**Tsara ho fantatra**

Tahaka izao kosa ny vokadalao tamin'ny lalao ampahefa-dàlana eto am-pelantanana : *Vehivavy* / INSCAE (54) # UPRIM (48) – ESSCA (85) # AGRO (36) – ENS (55) # FLSH (51) ; *Lehilahy* / CNTEMAD (56) # CNAM (39) ; ESMIA (74) # FAC Sciences (59). Ampatsiahivina fa nahatratra 40 ny isan'ny ekipa lehilahy ary 20 ny vehivavy, nandray anjara tamin'ity fifaninanana natokana ho an'ny mpianatra teny amin'ny Oniversite sy ny Ivon-toerana ambony amin'ny fampianarana ity. Sambany vao nandray anjara ny ekipan'ny EMIT Fianarantsoa sy ny ESTI / HEI / INPF / ISIME / ONIFRA avy eto Antananarivo.

**aris rafaly**

Lalao Afrikanina 2024

# Tsy nahazo medaly ny mpanao " Bras de Fer " efatra mirahalahy solontenantsika

Tsy tanteraka ny hetahetan'ireo atletantsika, niatrika ny fifaninanana teo amin'ny fampiasana herintsandry tamin'ny ilany havia " Bras de Fer" tany Accra (Ghana), omaly. Tsy nisy nahazo medaly izy efatra mirahalahy niatrika ny fifaninanana. Antenaina kosa anefa fa hanarina ny fahavoazany izy ireo anio, mandritra ny fifaninanana hatao amin'ny sandry havanana. Fifaninanana efa mahazo laka eto amintsika izy ity kanefa moa sendran'ny kalazalahy any Afrika, izay efa zatra miatrika fifaninanana iraisampirenena ireo nifampitana tamintsika . Tahaka izao ny voka-dalao tamin'ny fifaninanana natrehan'izy ireo voalohany izany : 1°/ Herilala Rakotoniaina ( +100kg ; nitana ny laharana faha-5 ; resy in-2) - 2°/ Tahina Rakotonirina (- 85 kg ; Faha-6 ; Nandresy : 1 ; Resy : 2 ) – 3°/ Amaraldo Rakazoniaina Andrianantenaina ( - 65 kg ; Faha- 4 ; Nandresy : 1 ; Resy : 2 – 4°/ Iary Randrianan-toandro ( - 75 kg ; Resy : 2 ; Nandresy : 1).

**a.r**




Mila tekinika ny fampiasana herin-tsandry !

" Tournoi National Ajesaia 2024 "

# Hangotraka ny andiany faha-23 any Ambatolampy

Taorian'i Mahanoro sy Moramanga, renivohitry ny Bezanozano, dia mitodi-doha any Ambatolampy indray ny fanatanterahana ny andiany faha-23 amin'ny fiadiana ny tompondakam-pirenen'ny AJESAIA, izay hatao any amin'ny kianja manara-penitra vaovao ao an-tampon-tanana, manomboka amin'ny alarobia 28 martsa 2024 ka tsy hifarana raha tsy amin'ny alatsinainy 01 aprily 2024. Tafiditra ao anatin'ny fankalazana ny fetin'ny Paska ny hanaovana ny fifaninanana, ka heverina fa ho tomefy mpijery baolina any an-drenivohitra faharoa an'i Vakinankaratra. Sokajin-taona efatra no hanaovana fifaninanana ka anisan'izany ny zandry olona latsaky ny 11 sy 13 ary 15 taona. Hampiseho ny talentany amin'ny fifaninanana ihany koa ny ekipa " Senior " vehivavy sy ny lehilahy. Heverina fa ho tonga maro ny ekipa handray anjara amin'ity fifaninanana ity, satria miroborobo sy miakatra ny lentan'ny filalaovana baolina kitra any amin'iny faritra iny amin'ireo sokajy zokiny anankiroa ireo amin'izao fotoana izao. Toy ny mahazatra dia azo veroka fa tsy ho vitsy ihany koa ny ekipa ivelan'Ankaratra, anohana ny antso sy ny fanasan'ny mpikarakara, izay hifandrombonan'ny AJESAIA foibe sy ny mpitantana ny Kaominina Ambatolampy. Tahaka izao ny ho fizotran'ny fandaharam-potoana : Alarobia 27/03 : Fandraisana ny delegasiona rehetra any amin'ny CEG-n' Ambatolampy, nametrahana ny "Village des Jeux"; 5 ora 30 : Fanaovana ny fivorian ara-tekinika, ahafantarana ny ekipa hiray vondrona sy fizarana ny kara-pilalaovana ary fampahafantarana ny fitsipiky ny fifaninanana ; Alakamisy 28/03 : Filaharana lehibe " Carnaval " hataon'ny mpandray anjara rehetra ; 9 ora : Fanokafana amin'ny fomba ofisialy ny fifaninanana ; 10 ora : Fanombohana ny lalao fifanintsanana ; Zoma 29/03 – Sabotsy 30/03/2024 : Fanohizana ny lalao fifanintsanana ; Alahady 31/03/2024 : Hanaovana ny lalao ampahefa-dàlana ; Alatsinainy 01/04/2024 : Hanaovana ny lalao manasa-dàlana sy ny famaranana ; 5 ora 15 mn : Fanolorana ny amboara sy ny mari-pankasitrahana. Hifarana anio sabotsy 16/03/2024 ny fisoratana anarana ho an'izay te handray anjara amin'ny fifaninanana.

**aris rafaly**



Betsaka ny mpilalao novokarin'ny T.N.A, nilalao tany ivelany.

## ANY IVELANY

# " Ligue des Champions 2023/2024 "

Tontosa, omaly, ny antsapaka , nahafantarana an'ireo ekipa hifandona amin'ny lalao ampahefa-dàlana amin'ny fiadiana ny tompondakan'i Eorôpa 2023/2024 ho an'ny klioba. Fantatra fa ho tanterahina amin'ny talata 30 aprily 2024 ny lalao manasa-dàlana. Amin'ny alahady 05 mey 2024 kosa no hanaovana ny lalao famaranana, ahafantarana an'izay handimby ny toeran'ny Manchester City avy any Angeletera tompondaka tamin'ny 2022/2023.

Toy izao ny fizotran'ny fandaharan-dalao :

Arsenal (Angletera) # Bayern de Munich (Alemaina)

Atletico de Madrid (Espaina) # Borussia Dortmund (Alemaina)

Real de Madrid (Espaina) # Manchester City (Angletera)

Paris Saint Germain (Frantsa) # Fc Barcelone (Espaina).

**a.r**

Taekwondo - Lalao Afrikanina 2024

# Voatendry hitsara ny fifaninanana i Nicolas Ragonz

*Fanintelony amin'izao no nanendrena azy ho mpitsara amin'ity Lalao Afrikanina ity.*

Hanomboka anio atsy Accra Ghana, ny fifaninanana ho an'ny taranja haiady Taekwondo, tafiditra amin'ny Lalao Afrikanina 2024. Ankoatra ny atleta, manana solontena handray anjara amin'ny lafiny fitsarana isika, dia tsy iza izany fa i Nicolas Randriamiandrisoa. Tsy vahiny amin'izany ny tenany, izay fanintelony amin'izao no



Manana ny fahaiza-manao amin'ity lafin'ny fitsarana ity i Nicolas Randriamiandrisoa.

nanendrena azy ho mpitsara amin'ity Lalao Afrikanina ity, dia ny tamin'ny 2011 tany Maputo Mozambika sy tamin'ny 2015 tany Congo Brazzaville ary izao atsy Accra Ghana izao. Mahatratra hatramin'ny 50 eo no isan'ireo mpitsara voatendry ka i Nicolas Randriamindrisoa irery no avy aty amin'ny Oseana indiana voasafidy. Marihana, tsy ataotao foana ny fananedrena mpitsara toy izao, fa ireo sangany sy manana ny fahaizana ary mahafehy izany lafin'ny fitsarana izany no mahazo fiantsoana. Ho an'i Nicolas Randriamiandrisoa manokana, manana ny fahaiza-manao amin'izany ny tenany, ankoatra izay, efa niatrika fiofanana ary nahazo sy manana ny diplaôma sahaza izany ny lehilahy. Tombony manokana ho azy ihany koa, ny niainana hatramin'ny ela ity taranja ity, izay sady mpikatroka, teknisiana ary mpitantana. Lôjika noho izany raha mitodika any aminy hatrany ny mason'ireo mpikarakara fifaninanana, rehefa misy hetsika iraisam-pirenena. Ny indrokely fotsiny, taraiky ny fidiran'ny fifaninanana Poomsae izay amin'ity vao misy fa raha tsy izany, efa azo antoka ny medaly ho an'i Madagasikara raha efa nisy izany tany aloha.

**Rabenaivo**

## TSIPAKA

Ao anatiny tanteraka amin' izao fotoana izao ny fifaninanana Lalao Afrikanina, tanterahana atsy Accra Ghana. Anisan'ny mandray anjara mavitrika i Madagasikara, izay manomboka mioty vokatra tsara

### Mila ezaka !

Nazava ny tenin'ny fitondram-panjakana mialoha ny nandehanan'ireo delegasiona, fa tsy hoe fandraisana anjara intsony izao no zava-dehibe fa ny fandresena sy fandrombahana medaly. Hatreto, maro no nahavita izay iraka nampanaovina azy izay atsy Ghana, nisy kosa anefa ireo hody amin'ny tanam-polo. Tsy fotoana fifanomezantsiny intsony izao ny amin'ny hoe maninona i Ranona no tsy namokatra na ny hoe tokony i Ranona no nalefa fa tsy iny...Mila manova toetsaina ihany koa isika ka izay mandeha eo dia tohanan'ny rehetra satria dia voninahitr'i Madagasikara no arovana fa tsy ny ao antokatranon'ilay atleta fotsiny ihany. Ny tena mampalahelo ary indraindray, misy mihitsy ny tonga amin'ny fanozonana ny tsy handresena na hahazoan'ilay solontena medaly. Toetsaina efa nilaozan'ny toetrandro ka tokony hiova amin'izay. Mitodika amin'ireo ankizy voafantina kosa, tsy sanatria hitsangatsangana na hijery tanàna no nandefasana anareo any fa hiaro ny voninahi-pirenena. Midika izany fa mila mandena ny akanjo ary manao izay fara-hery sy fahaizana, hahazoana ny fandresena. Tokony ho tsapa aty ampiandohana fa ho mafy ny miandry any ary ireo kalaza avokoa no hifandona any ka tsy tokony ho heno intsony ilay hoe, ilay tompondakan'i Afrika na ny laharana voalohany aty Afrika no nifanehatra tamiko. Tokony miala andaharana mialoha izany rehefa mivoaka ny antsapaka satria tsy maintsy ho resy.

**Rabenaivo**

## PASI PASI

Rakotoarisoa Maurice

# 60 taona fa mbola manao Taekwondo miaraka amin'ny vady aman-janany

*Mitohy hatrany ny fampahafantarana fianakaviana miaina anatin'ny fanatanjahantena eto amin'ny Gazetiko. Tsy mialonjafy izy ity ary tsy manavaka taranjam-panatanjahantena. Ho an'ny anio, eo anivon'ny Taekwondo indray no vahinintsika izay tsy olon-kafa fa sangany sy manana ny lazany eo amin'izany taranja izany.*

**Gazetiko :** Anaranao feno
**RM :** Rakotoarisoa Maurice
**Gazetiko :** Firy taona ianao dia mbola manao Taekwondo ve, ao amin'ny klioban'iza ?
**RM :** 60 taona , eny mbola manao Taekwondo ao amin'ny ITFMASS ( ITF Madagascar ASSociation).
**Gazetiko :** Nanomboka firy taona ianao no nanao Taekwondo ?
**RM :** 25 taona no nanomboka nanao Taekwondo ( novembre 1989) fa karaté no nataoko talohan'izay tamin' izaho 10 taona.
**Gazetiko :** Firy ny zanakao iza avy dia manao Taekwondo daholo ve ?
**RM :** Telo mianadahy ny zanako - Rakotoarisoa Tafita - Rakotoarisoa Haingohasina Andrianina - Rakotoarisoa Andry Mandresy. Eny manao Taekwondo daholo izy ireo hatramin'ny vadiko ihany koa.
**Gazetiko :** Noterena sa efa tao anatin'ny ràn'ireo zanakao ny Taekwondo?
**RM :** tsy noterena fa efa tao





Miavaka kely ity fianakaviana ity, izay samy manao Taekwondo izy 5 mianaka.

anaty ràny mihitsy ny fitiavana ilay taekwondo
**Gazetiko :** Efa nisy voantso handrafitra ny ekipam-pirenena ve ny zanakao?
**RM :** Efa nisy voaantso handrafitra ny ekipam- pirenena izy ireo ary efa nisolo- tena an'i Madagasikara, nanomboka ny taona 2014 ary efa intelo no nanandratra avo ny anaran'i Madagasikara teto Afrika, in-2 nahazo medaly volamena ary indray nahazo medaly alimo.
**Gazetiko :** Ahoana izany hoe miaraka manao Taekwondo nareo mianakavy?
**RM :** Isan'ny fahafinaretanay 5 mianaka ny fotoana rehetra misy ato amin'ny Taekwondo ary isan'ny fotoan-dehibe ho anay izany fiarahana manao fanazarantena izany.
**Gazetiko :** Ankoatra ny Taekwondo inona no fialambolinareo mianakavy?
**RM :** Ankoatry ny Taekwondo dia ny miara-mitsangatsangana mijery ireny toerana manan-tantara ireny no fialambolinay sy ny mandeha miara-misakafo eny amin' ireny toeram- pisakafoanana ireny.
**Gazetiko :** Fanentanana ataonareo ho an'ny fianakaviana mba hanao spaoro.
**RM :** Ny fanentanana hataonay dia ny hoe : tsara ny Taekwondo ITF satria fanabeazana feno izy - Mifandanja tanteraka ny fanabeazana ara-batana sy ny fanabeazana ara-tsaina - mampivelatra ny lafiny maha-olona ( manamora ny fifanabeazana ao an-tokatrano, mampitombo ny fahaiza-miaina) - mandrindra sy manatsara ny fahasalamana ny Taekwondo

**Rabenaivo**

Petanky be Analamanga

# Scooters 3 miampy solosaina no loka goavana

Hotanterahana etsy amin'ny boulodrome Bulding manarapenitra Ivato anio sy rahampitso, ilay « Petanky be Analamanga », Taranja Tsipy kanetibe. Natokana ho an'ireo mpilalao eny anivon'ny fokontany mihitsy ity fifaninanana ity, izay ho an'olon-telo miaraka. Scooters 3 miampy solosaina ary amboara no loka goavana hatolotra ny mpandresy, raha « écrans plats 32"» 3 ny an'ny faharoa ary Subwoofer ny an'ny fahatelo. 30.000ar ny sarampandraisana anjara, izay hisy karazany roa ny concours « A » sy « B » ary mazava ho azy hisy karazany roa koa ny loka. Marihana, tsy maintsy olona 3 mipetraka amin'ny kartie iray izany no mameno ny ekipa iray. Mila mitondra « certificat de residence » sy sary tapaka 1 ireo maniry handray anjara amin'ity hetsika ity, izay nambaran' Andrianolalaina Robinson, filohan'ny ligin'Analamanga, mpikarakara ny hetsika, fa tafiditra anatin'ny fanapariahana ny taranja Tsipy kanetibe izy ity, sady hitsirihana ireo mpilalao manatalenta any anatin'ny fokotany any. Eo koa ny fanentanana azy ireny, mba hiditra ao anatin'ny rafitra federaly. Tanjon'ny Ligin' Analamanga, hoy hatrany ity filohany ity, ny hampiakatra bebe kokoa ny isan'ireo manana kara-pilalaovana amin'ity taompilalaovana 2024 ity. Ankotra izay, hoentina hanampiana ny FSBM amin'ny fanalana ny sazy mianjady amintsika itony hetsika itony. **Rabenaivo**